Ministeran'ny Asa
Repoblikan'I Liban

# Torolalana Ho An'ny Mpiasa An-Trano Any Liban

Schweizerische Eidgenossenschaft
Confédération suisse
Confederazione Svizzera
Confederaziun svizra

Swiss Agency for Development
and Cooperation SDC

Fikambanana soisa misahana ny fampandrosoana sy fiaraha-miasa

Fikambanana Iraisam-pirenena misahana ny asa
Biraom-paritra amin'ny firenena arabo

Tetik'asa novatsian'ny Fiombonana eoropeanina vola

Navoaka voalohany tamin'ny teny anglisy tamin'ny 2012

Ny boky avoakan'ny Fikambanana iraisampirenena misahana ny asa dia mizaka ny zon'ny mpanoratra, araka ny fifanarahana iraisampirenena. Na dia izany aza, dia misy ampahany amin'ny boky izay azo avoaka, na dia tsy misy fanomezan-dalana aza, raha toa ka voalaza ny boky nakana izany. Ilàna fangatahana amin'ny Birao Iraisampirenena misahana ny asa, izay atao amin'ny alalan'ny emailaka, ny fandikana na famoahana manontolo ny boky.
Ny tranomboky, fikambanana sy ny sokajin'ilona hafa izay nahazo fahazoan-dalana dia afaka manao kopia an'ity boky ity asaka ny fanomezan-dalana azony. Tsidiho ny www.iffro.org izay hahitanao ny fikambanana nahazo fanomezan-dalana ao amin'ny firenena misy anao.

---

Navoaka amin'ny teny frantsay ohany koa ity boky ity
ISBN 978-92-2-225843-7, Beirut, 2012; and in Arabic : ر ا دليل, T لبنان في المهاجرات المنزليات للعاملات شادي
ISBN 978-92-2-625843-3, Beirut, 2012

Torolalana ho an'ny mpiasa an-trano mifindra monina any Liban
Notontosain'ny Fikambanana Iraisam-pirenena Misahana ny Asa, Biraom-paritra amin'ny Firenena Arabo miaraka amin'ny Ministeran'ny Asa any Liban.
Araka ny fomba fanao ao amin'ny Firenena Mikambana mikasika ny famoaham-boky, dia tsy midika ho fanehoan'ny Fikambanana Iraisam-pirenena Misahana ny Asa, ny fiombonana eoropeanina, ny Fikambanana soisa misahana ny fampandrosoana sy ny fiaraha-miasa ny heviny mikasika ny sata ara-dalàna misy amin'ny firenena iray na faritra iray, sy ny sisin-taniny na koa mikasika ny manam-pahefana ao, izay voasoratra sy voalaza ao.
Ny lahatsoratra na fandalinana izay vita sonian'ny mpanoratra azy, dia andraikitry ny mpanoratra izany, ary tsy midika velively fa ny Fikambanana Iraisampirenena Misahana ny Asa, ny Fiombonana eoropeanina, dia manohana ny hevitra voalaza ao.

Tsy tompon'andraikitra amin'ny firesahana mikasika orin'asa, na vokatra ara-barotra ihany koa ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa, ny Fiombonana eoropeanina, ny Fikambanana soisa misahana ny fampandrosoana sy ny fiaraha-miasa, ary ny filazana izany dia tsy midika fanohanana na tsia azy ireo. .

Ny Biraom-paritry ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa, amin'ny firenena arabo, miaraka amin'ny Ministeran'ny Asa any Liban, izay nahazo famatsiam-bola tamin'ny Fiombonana eropeanina sy ny Fikambanana soisa misahana ny fampandrosoana sy ny fiaraha-miasa, no namoaka ity boky ity.

Ny boky avoakan'ny Fikambanana iraisampirenena misahana ny Asa dia hita eny toerana fivarotam-bokin'ny Biraom-paritry ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa, na koa mety ho azo mivantana any amin'ny Birao Foiben'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa, CH-1211 Geneva 22,Switzerland. Mety ho azo tsy andoavam-bola amin'ny adiresy voalaza etsy ambony ny lisitry ny boky navoaka. Ho an'ny

Biraom-paritry ny Fikambanana iraisampirenena misahana ny asa, amin'ny firenena arabo, dia mifandraisa amin'ity adiresy voalaza manaraka ity ;

P.O.Box 11-4088 Riad El Solh 1107-2150
Beirut – Lebanon
www.ilo.org/arabstates

# Sasin-teny

Ny fiasana ivelan'ny tanindrazana, dia mety hahitan'ny firenena mpandefa sy mpandray ny mpiasa tombontsoa raha toa ka voatantana tsara, satria ahafahan'ny lehilahy sy ny vehivavy an-tapitrisany avy amin'ny firenena mpandefa azy mahita asa, sy mitondra fivoarana ara-toekarena ho an'ny firenena mpandray mpiasa.

Ankehitriny, ny antsasaky ny mpiasa mpifindra monina miisa 90 tapitrisa dia vehivavy avokoa . Misy fahasamihafana ny fomba fampiasana ny lehilahy sy ny vehivavy, arakaraky ny firenena mpandray mpiasa. Ho an'ny vehivavy, ny asa izay omena dia matetika mikasika ny raharaha fiahiana fianakaviana , na ny marimarina kokoa ny fanaovana asa an-trano, toy ny fikarakarana ankizy, olona marary na beantitra. Na dia maro aza ny olana atrehin'ny mpiasa mpifindra monina amin'ny fotoana iaingany amin'ny firenena misy azy ireo handeha hiasa any ivelany, dia mety hanamafy orina ny maha izy azy ireo izany, amin'ny alalan'ny fanomezan-danja bebe kokoa ny tenany, sy ny fananana fahaleovantena ara-toekarena.

Any Liban, dia nanao ezaka fampandraisana anjara ny fiarahamonimpirenena sy ny manampahefana amin'ny fifanakalozan-kevitra mba hiantohana ny fanomezana asa mendrika ho an'ny mpiasa an-trano mifindra monina ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa. Ity torolalana ity dia vokatry ny ezaka nifarimbonan'ny mpikambana ao amin'ny Komitimpirenena misahana ny mpiasa an-trano mifindra monina any Liban, izay niorina tamin'ny Avril 2007, ary eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Asa .

Eo amin'ny sehatra iraisampirenena, dia nankatoavina tamin'ny fivorian'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa tamin'ny tamin'ny Jiona 2011, izay nanaovana tamin'ny fihaonana fahazato ny Fifanarahana Iraisam-pirenena mikasika ny asa mendrika, sy ny torolalalana momba ny asa mendrika ho an'ireo mpiasa an-trano. Ireo fenitra vaovao iraisampirenena momba ny asa ireo dia mampiseho ny dingana lehibe amin'ny fiarovana ny zon'ireo mpiasa an-trano. Manantena izahay fa hanatsara ny fiainan'ireo mpiasa an-trano mifindra monina any Liban ity torolalana ity .

Ramatoa Nada Al- Nashif
Talem-paritra
Biraom-paritra ho an'ny Firenena Arabo
Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa

Andriamatoa Charbel Nahhas
Minisitra
Minisiteran'ny Asa
Governemantan'i Liban

# Fisaorana

Tolorana fisaorana manokana  ireo olona voalaza manaraka ireto izay nandray anjara tamin'ny fandrafetana ity torolalana ity :

Rtoa  Emanuela Pozzan; Rtoa Simel Esim; Rtoa Joyet Beyene; Rtoa  Rana Rayes; Rtoa  Marie Noelle Abi Yaghi; Rtoa Sanaa Abou Sleiman; Rtoa Ghida Ghandour; Rtoa Lea Moubayed; Rtoa Gudrun Jevne; Rtoa Helene Harroff Tavel; Rtoa Zeinab Ribai; Rtoa Nabil Abdo; ary Atoa  Mansour Omeira no nanampy tamin'ny fanangonana ny vaovao nampiasaina amin'ny fandrafetana ity torolanana ity, indrindra ny mikasika ny lohahevitra voaresaka ao. Rtoa  Zeina Mezher; Rtoa Tania Massad; Rtoa  Marie-Jose Tayah; ary Rtoa Reham Rached izay  nanampy tamin'ny famitana ny fandrafetana, ny famoahana ny boky, ary koa ny famoahana izany amin'ny aterineto, ary ny fandikana ny boky amin'ny tenimpirenena 12 .

Atoa  Abdallah Razzouk, Atoa  Fawzy Al-Hajj Hassan, Rtoa May Saab, Atoa Adel Zubian, Rtoa Marleine Atallah,Rtoa  Sausan Sabra, Rtoa Nazha Shallita, Atoa Nabil Isbir sy Atoa  Ali Berro avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana; Rtoa  Abeer Abd Samad avy amin'ny Ministeran'ny Raharaha sosialy; Atoa Salim Baddoura avy amin'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny; Atoa  Elie Asmar avy amin'ny Hery amin'ny Filaminana Anatiny; Rtoa Amal-Wehbe avy amin'ny Fitantanana  ny Filaminana Ankapobeny; Rtoa Elizabeth Zakharia Sioufi avy amin'ny Fikambanan'ny Mpisolo Vava any Beirut (Ivotoerana misahana ny Zon'olombelona); Atoa Ali Amin avy amin'ny Sendikan'ny Orinasa misahana ny fandraisana mpiasa; ary ny mpiara miasa avy amin'ny Masoivoho Diplomatika avy any Philipinnes sy Sri Lanka any Liban izay nanampy be dia be.  Ny mpiara miasa avy amin'ny Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana sy ny fikambanana iraisampirenena izay nitondra ny anjara birikiny, ary ahitana: ny mpiara miasa avy amin'ny "Human Rights Watch", Ny fikambanana iraisampirenena ho an'ny mpifindra monina;Kafa; "UNIFEM", Birao ho an'ny firenena arabo; Rtoa  Najla Chahda, Rtoa Rania Hokayem, ary Rtoa Isabelle Saadeh Feghali avy amin'ny "Caritas Liban Foreign Centre";

Mopera  Martin McDermott sy Atoa Roland Tawq avy amin'ny Komity pastoraly ho an'ny mpifindra monina avy any Asia sy Afrika; ary Atoa Nidal Al-Jurdi avy amin'ny Biraon'ny Firenena mikambana ho an'ny fiarovana ny Zon'olombelona ho an'ny Faritra Atsinana Afovoany.

Fisaorana manokana no atolotra ny tompon'andraikitra avy amin'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa izay namaky sy nanome ny heviny ho fanatsarana ity torolalana ity. Isan'izany: Rtoa Nada Al-Nashif, Atoa  Maurizio Bussi, Rtoa Rasha Tabbara, Rtoa Christine Behrendt, ary Atoa Najwa Ksaifi avy amin'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa ho an'ny Biraom-paritra ho an'ny firenena arabo; Rtoa Niloufer Mukhifor avy amin'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa TURIN; Rtoa Nelien Haspels avy amin'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa Bangkok; Rtoa Gloria Moreno-Fontes avy amin'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asan'ny mpifindra monina - Geneva; Rtoa avy amin'ny Katerine Landuyt  Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa – Fenitra mikasika ny Asa Geneva; Rtoa Bina Thapaavy amin'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa Kathmandu; Rtoa Hilda Tidalgo Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa Manila; Rtoa Pramo Weerasekera avy amin'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa; Rtoa Christina Holmgren, Rtoa Alem Brook, ary Atoa Bayou Mulat avy amin'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa Addis Ababa; Rtoa Nombana Razafinisoa sy  Rtoa  Anne-Marie Ralaivola avy amin'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa Antananarivo; Rtoa Lotte Kejser avy amin'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa Jakarta; Rtoa Mai Thuy Nguyen avy amin'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny Asa Hanoi; ary Atoa Gregoire Crettaz sy Atoa Shahabuddin Khan avy amin'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana nyva Asa Dhaka. Tolarana fisaorana mitafotafo amin'ny fandraisany anjara izy ireo.

# Votoatiny / Fanoroam-pejy

Sasin-teny......1
Fisaorana......2
Ry mpiasa namana......5
Ahoana ny fomba famakiana ity torolalana ity......6

**Fizarana 1: Mandeha any Liban amin'ny maha mpiasa an-trano mifindra monina......7**

1. **Mialoha ny hianganao mankany Liban......8**
    - Ny tokony ho fantatra mialohan' ny fandehanana mankany Liban ......8
    - Tabilao 1: Fizahana ara-pahasalamana sy tatitra ......9
    - Torohevitra mialohan' ny fiaingana......9
    - Tabilao 2: Torohevitra mikasika ny fanontaniana tokony hapetraka......10
2. **Rehefa tonga any Liban ianao ......10**
    - Miasa ara-dalàna any Liban......10
    - Fantatrao ve fa ......11
    - Torohevitra ......11
3. **Dingana sivy tokony harahina aorian'ny fahatongavanao any Liban......12**
4. **Rehefa miala any Liban ianao......12**

**Fizarana 2: Ny zo sy adidinao ......13**

1. **Ny fifanarahana araka asa: Inona no voalaza amin'izany ......14**

**Fizarana 3: Inona no tokony hatao raha sendra olana ianao?...16**

1. **Very ny sata maha mponina ara-dalàna anao rehefa......17**
    - Very ny sata maha mponina ara-dalàna anao rehefa ......17
    - Inona no mitranga rehefa very ny sata maha mponina ara-dalàna anao......17
    - Tabilao 3: "Mandositra"......18
    - Torohevitra ......18
2. **Inona no hatao rehefa misy fifanolanana amin'ny mpampiasa anao?......18**
3. **Inona no atao hoe fanaparam-pahefana amin'ny asa ?......19**
4. **Miova mpampiasa ......20**
5. **Fanampiana amin'ny lafiny lalàna ......20**
    - Torohevitra ......21

6. **Fantaro bebe kokoa: ....21**
- Ny Fisorohana ny loza amin'ny toeram-piasana: ....21
- Ny Mariazy ....21
- Ny fitondrana vohoka ....22
- Fivarotana olona ....22

## Fizarana 4: Mampifanaraka ny fiainanao amin'ny kolontsaina ao Liban ....23

1. **Mikasika an'i Liban: Filazalazana mikasika ny firenena ....24**
2. **Fomba fanao ara sosialy ....25**
3. **Fidirana eo anivon'ny fianakavian'ny mpampiasa ....26**
4. **Fivavahana ....26**
5. **Fomba fanao sy fitondran-tena ara-sosialy ....27**
6. **Sakafo ....27**
7. **Fenitra Ara-Pahadiovana ....27**
8. **Ahoana ny fomba hifandraisana amin'ny fianakavianao ....28**
   - Tabilao 4: Ny kaody iraisampirenena ho an'ny firenena tsirairay ....28
9. **Ahoana ny fomba fandefasana vola any amin'ny firenenao ....29**
10. **Fitaterana ....29**
    - Torohevitra ....29
11. **Miantsena ....29**

**Ry mpiasa namana ....30**

## Tovana:

1. **Ny teny Arabo ....31**
2. **Filàna vonjy ....37**
3. **Kalendrien'ny tena manokana ....41**
4. **Fampahafantarana mikasika ny sendika, ny fiofanana mialoha ny fiaingana sy ny fikambanan'ny mpiasa mifindra monina any amin'ny firenenao ....42**
5. **Ahoana ny fomba fampiasana ny fitaovana, masinina sy ny fitaovam-panadiovana ao an-tokantrano ....46**
6. **Ny fahaizana miasa ....47**
7. **Fifanarahana araka asa ho an'ny mpiasa an-trano mifindra monina ....49**
8. **Rosia amin'ny fandraisana karama ....52**
9. **Ahoana ny fomba hahazoana ity torolalana ity? ....53**

## Ry mpiasa namana,

Hiaina zava-baovao ianao any Liban eo amin'ny asa sy fiainana. Samihafa amin'ny any amin'ny firenenao ny fomba fanao ara-piarahamonina sy ara-kolontsaina ananan'ny mpampiasa anao, ary aza adino fa tokony hifamaly ny fifanajana eo aminao sy ny mpampiasa anao. Mba hanajan'ny mpampiasa anao, ary hahatsapany sy hanajany ny zonao amin'ny maha olona sy mpiasa anao, dia tokony hanaja ny zon'ny mpampiasa anao sy ny fianakaviany ihany koa ianao, ary hanatanteraka ny asa hampanaoviny.

Ity torolalana ity dia mifototra amin'ny lalàna sy ny politika manan-kery any Liban, sy ny fifanarahana araka asa ho an'ny mpiasa an-trano mifindra monina izay neken'ny Minisiteran'ny Asa tamin'ny 16 martsa 2009.


Ity torolalana ity dia:

- Mampahafantatra ny fomba fiarovana ny zonao, sy ny fanatanterahana ny andraikitrao.
- Manampy anao hamantatra ny firenena, ny fomba amam-panao sy ny fomba fiaina amin'io firenana io.


Manantena izahay fa hitondra voka-tsoa ho anao ny fiasanao any Liban !

# Ahoana ny fomba famakiana ity torolalana ity :

Rehefa mahita:



Tokony ho marimarika ianao fa mety hisy loza ateraky ny zavatra ataonao, na mety hihatra aminao .



Tokony hitandrina amin'izay zavatra ataonao ianao.




Afaka manatanteraka izay zavatra hataonao ianao, fa tsy misy atahorana



Vakio tsara ny lahatsoratra, fa manome torohevitra tsara sy fanazavana ho anao izany.



Ahitanao fampahafantarana mikasika ny zon'olombelona izay hita ao amin'ny fifanarahana iraisampirenena sy ny lalàna mikasika ny asa .



Vakio tsara ny lahatsoratra, fa ahitanao torohevitra ilainao izany .




Manome valiny azo ampiharina amin'ny fanontaniana mipetraka matetika .


# Fizarana 1

## Ny fandehanana any Liban amin'ny mahampiasa an-trano avy any ivelan'ny firenena anao



*Photo taken from the video "Maid in Lebanon" by Carol Mansour*

## 1. Alohan'ny fiaingana mankany Liban



### Ireo zavatra tokony ho fantatra mialoha ny fiainganao mankany Liban

Miomana handeha any Liban amin'ny maha mpiasa an-trano ara-dalàna mifindra monina ianao. Alohan'ny hialanao amin'ny firenenao, dia jereo akaiky izay voalaza amin'ity lisitra manaraka ity :

| NY ZAVATRA HATAO | VITA | TSY VITA |
|---|---|---|
| 1. Manana ny antontan-taratasy ilaina rehetra ianao :<br>• pasipaoro<br>• fahazoan-dalana mivoaka ny firenena<br>• tatitry ny fizahana ara-pahasalamana (jereo eo ambany )<br>• fifanarahana araka asa | ☐ | ☐ |
| 2. VOAVAKINAO ARY AZONAO TSARA ny votoatin'ny fifanarahana araka asa izay nosoniavinao, ary mankatoa izany ianao | ☐ | ☐ |
| 3. Nanao kopia ny antotan-taratasy rehetra ianao ary najanonao amin'ny fianakavianao sy ny namanao izany kopia izany | ☐ | ☐ |
| 4. Nomenao ny fianakavianao sy ny namanao ny adiresin'ny orinasa misahana ny fandraisana mpiasa aty amin'ny firenenao sy any Liban, ary koa ny adiresin'ny mpampiasa anao | ☐ | ☐ |
| 5. Notadidinao ny nomerao telefaonin'ny masoivohon'ny firenenao any Liban sy ny nomeraon'ny imailaka amin'ny faran'ity torolalana ity | ☐ | ☐ |

Lahatsoratra anaty tabilao 1: FIZAHANA/TATITRA ARA-PAHASALAMANA:

Ankoatry ny fizahana mahazatra mikasika ny fitondrana vohoka izay tsy maintsy atao, dia misy ihany koa ny fizahana ara-pahasalamana hafa izay atao mialoha ny fiaingana mankany Liban, izay mikasika ny raboka, ny tazo mahery, ny aretina azo avy amin’ny firaisana ara-nofo sy ny hepatita.

Ho fampahafantarana anao :

NY VIH/SIDA dia mifindra amin’ny alanan’ny rà (tsindrona, fanjaitra, famindrana rà etc.), ny firaisana ara-nofo tsy voaro miaraka amin’ny olona mitondra ny tsimok’aretina, ary avy amin’ny reny mankany amin’ny zaza vao teraka. Mitaky ny vokatry ny fizahana ara-pahasalamana mikasika ny VIH/SIDA ny Fanjakana any Liban alohan’ny hanomezana fahazoan-dalana miditra any Liban.

TIBERKILAOZY : Areti-mifindra izay mamely ny avokavoka na koa ny faritra amin’ny vatana hafa, ny taolana, ny nofo ny tiberkilaozy. Tsy izay rehetra mitondra ny tsimok’aretina anefa dia marary. Isan’ny famantarana ny aretina ny kohaka mitohy mandritry ny telo herinandro, ny fanaintainan’ny tratra, ny fandoavana rà, ny tazo, ny mangorangorana, ny hatsembohana amin’ny alina, ny malain-komana, ny fihenana lanja, ny malaky vizana.



## Torohevitra alohan’ny hiaingana:

- Raha toa ka mahafantatra olona efa niasa tany Liban na tamin’ny firenena arabo ianao, dia manatona azy ireo ary anontanio azy ireo ny zavatra niainany alohan’ny fiainganao sy aorian’ny fahatongavanao any Liban. Anontanio ny Minisiteran’ny Asa amin’ny firenenao ny mikasika ny orinasa misahana ny fandraisana anao hiasa. Misy orinasa sasany izay efa ratsy laza amin’ny fomba fiasa ratsy ataony. Anontanio ny tompon’andraikitra amin’io orinasa io ny mikasika ny asanao any Liban.
- Raha toa ka misy izany ao amin’ny firenenao, dia araho ny fampiofanana natao ho an’ny mpiasa an-trano hifindra monina. (Jereo tovana 4)
- Mifandraisa amin’ny fikambanan’ny mpiasa an-trano mifindra monina, ny sendikan’ny mpiasa an-trano, sy ny fikambanana hafa ao amin’ny firenenao izay manampy ny mpiasa mifindra monina sy ny fianakaviany (Jereo tovana 4)



**Tabilao faha-2: Hevitra mikasika ny fanontaniana hapetraka**


Amin'ny namana na olona efa nifindra monina :

- *Inona no anaran'ny orinasa nikarakara ny fandraisana anao?*
- *Manana laza tsara ve io orinasa io?*
- *Nanome fampahafantarana mazava, sy marina mikasika ny tokantrano hiasanao ve izy ireo?*

**Amin'ny orinasa misahana ny fandraisana mpiasa**

- *Manambady ve ny mpampiasa ahy?*
- *Manan-janaka ve izy, ary firy? Firy taona izy ireo?*
- *Misy olona antitra, kilemaina,marary ve ao amin'io tokantrano io?*
- *Handray karama isam-bolana hatramin'ny volana voalohany iasako ve aho? Ohatrinona?*
- *Inona avy ny fepetra ao amin'ny fifanarahana araka asa (aiza aho no matory, misy fotoana hialako sasatra ve, homena fiantohana ve aho)? Inona avy ny asa hampanaovina ahy?*
- *Iza no hohatoniko raha toa ka sendra olana aho?*

## 2. Rehefa tonga any Liban



Mba hahafahanao miditra, mipetraka sy miasa ara-dalàna any Liban amin'ny maha mpiasa an-trano mpifindra monina anao, dia tsy maintsy manana fanomezan-dalana monina sy miasa any Liban ianao mandritry ny fotoana hijanonanao any. Raha tsy izany, dia mety higadra, na voaroaka avy any ianao.

### Mba haha ara-dalàna any Liban:

1. Mila mpiantoka ny fahatongavanao any Liban (kafala). Ny mpampiasa anao no mpiantoka anao, ary izy no tompon'andraikitra ara-dalàna amin'ny fipetrahanao sy amin'ny asanao any Liban. Araka ny lalàna manan-kery any Liban, dia izany ihany no fomba hahafahanao monina ara-dalàna sy miasa any amin'ny maha mpiasa an-trano mifindra monina anao.
2. Mila fanomezan-dalana hiditra any Liban sy pasipaoro ianao. Hamarino fa ara-dalàna ary tsy lany andro ny antontan-taratasy mikasika anao (Pasipaoro, fanomezan-dalana hipetraka, Andraikitry ny mpampiasa anao izany. Tokony hampahatsiahivinao ny mpampiasa anao ny tokony hanaovany izany, raha toa ka hadinony. Mba hanamorana izany, dia soraty amin'ny kalendrie omena anao ao amin'ny tovana faha 3 ny daty manan-danja tokony hotadidianao, sahala amin'ny daty tokony hanavaozana ny antotan-taratasy mikasika anao.




## Fantatrao ve fa ……..?

- Tokony hohavaozina isaky ny 5 taona ny pasipaoronao satria 7 volana alohan’ny hahalany andro azy no fanavaozana ny fanomezan-dalana hiasa. Araka izany, dia tokony hanatona ny masoivohon’ny firenenao ianao alohan’ny fetra 7 volana hahalany andro ny pasipaoronao mba hanavaozana azy.
- 10 andro aorian’ny nahatongavanao any Liban dia ampahatsiahivo ny mpampiasa anao fa tokony hanao fangatahana fanomezan-dalana hiasa any amin’ny Ministeran’ny Asa izy.
- 3 volana aorian’ny nahatongavanao raha ela indrindra dia tokony ho azonao ny fanomezan-dalana hiasa, raha tsy izany dia ho voasazy ny mpampiasa anao. Noho izany dia tsara raha azonao 2 volana aorian’ny fahatongavanao ny fanomezan-dalana hiasa.
- Tokony hohavaozina isan-taona ny fanomezan-dalana monina sy ny fanomezan-dalana hiasa any Liban alohan’ny hahalany andro azy.

## TOROHEVITRA:

- Tadidio fa manan-jo hitazona ny pasipaoronao sy ny antontan-taratasy hafa ianao, ary isan’izany ny kopian’ny fifanarahana araka asa.
- Afaka mitazona ny kopian’ny pasipaoronao sy ny fanomezan-dalana ny mpampiasa anao.
- Fantaro fa mety hahitanao olana na hampigadra anao ny antotan-taratasy hosoka mikasika anao.

## 3. Dingana sivy aorian'ny fahatongavanao any Liban

1. Tonga ao amin'ny seranam-piaramanidin'i Beirut ianao
2. Misy mpiasa iray na maro avy amin'ny Departemantan'ny Filaminanana manantona anao.
3. Hitarika anao amin'ny fisavana ny pasipaoro sy ny famoahana ny entana ireo mpiasa ireo
4. Rehefa azo ny entanao, dia ho entina amin'ny efitra iray,izay hihaonanao amin ' ny mpampiasa anao ianao.
5. Miankina amin'ny fotoana sy ny daty ahatongavanao, dia mety hamantana any an-tranon'ny mpampiasa anao ianao, na handeha any amin'ny sampan-draharaha misahana ny asa
6. Handeha any amin'ny dokotera miaraka amin'ny mpampiasa anao hanao fizahana ara-pahasalamana ianao
7. Handeha any amin'ny nôtera hanao sonia ny fifanarahana araka asa miaraka amin'ny mpampiasa ianao
8. Rehefa afaka 10 andro dia tokony handeha any amin'ny Ministeran'ny Asa ny mpampiasa anao mba hahazoana ny fanomezan-dalana hiasa .
9. Telo volana aorian'ny fahatongavanao, dia tokony hahazo ny fanomezan-dalana anao honina any Liban ny mpampiasa anao .

## 4. Rehefa hiala any Liban ianao

Rehefa hiala any Liban ianao, dia ilaina:

1. Ny pasipaoro manan-kery ;
2. Ny taratasy fanomezan-dalana monina any Liban ( manan-kery)
3. Ny tapakilan'ny fiaramanidina mandeha any amin'ny firenenao.
4. Ny fanomezan-dalana avy amin' ny mpampiasa

# Fizarana 2

## Ny zo sy ny andraikitrao



*Photo taken from the video "Maid in Lebanon" by Carol Mansour*

## 1. Ny fifanarahana araka asa: inona no voalaza amin'izany?

Amin'ny maha mpiasa an-trano mifindra monina anao, dia hazavaina ao amin'ny fifanarahana araka asa ny fepetra mikasika ny asanao izay tokony hosoniavinao sy ny mpampiasa anao any amin'ny nôtera ( mpikarakara taratasy eken'ny lalàna). Voadika amin'ny tenim-pirenenao ny fifanarahana araka asa (Tovana 7).

- Karazana asa: Asa an-trano no ampanaovina anao (Fampidirana).
- Toerana iasana: Ny tranon'ny mpampiasa anao (Andininy 2).
- Faharetan'ny asa: Iray (1)) taona izay havaozin'ny mpampiasa anao isan-taona (Andininy 4).
- Daty anombohana ny asa: Rehefa manao sonia ny fifanarahana araka asa ianao sy ny mpampiasa anao , dia misy fepetra mikasika ny fotoana fitsapana mandritry ny telo volana ny fifanarahana araka asa (Andininy faha 5).
- Fandoavana karama isam-bolana :
    1. Zonao ny mandray ny karamanao isam-bolana araka izay voasoratra amin"ny fifanarahana araka asa ;
    2. Zonao ny mandray ny karamanao feno isaky ny faran'ny volana iasana, ary tsy tokony hisy fahatarana tsy marim-pototra.
- Fitondrantena: Tokony hataonao izay asa voasoratra amin'ny fifanarahana araka asa sy ny andraikitrao rehetra amin'izany. Ataovy izay hialana amin'ny fitondrantena izay mety hiteraka olana aminao sy ny mampiasa anao ao an-tranony sy mandritry ny fotoana ivoahanao ny trano (Andininy faha-7).

Tsy azon'ny mampiasa anao atao ny mangataka anao hiasa amin'ny tranon'olona hafa, sy hanao asa hafa ankoatry ny asa an-trano. Manan-jo ianao handà ny hanao asa hafa izay tsy voasoratra ao amin'ny fifanarahana araka asa. Tsy azonao atao ihany koa ny miasa ho an'ny olon-kafa, izay mifanohitra amin'ny fifanarahana araka asa izay nosoniavinao

Azo aloa amin'ny lelavola na amin'ny alalan'ny fandefasana vola amin'ny banky ny karamanao. Tsy maintsy manao sonia taratasy fanekena ny fanomezana sy ny fandraisam-bola ianao sy ny mampiasa anao. Misy modely taratasy fandraisam-bola amin'ity torolalana ity

Aza matoky olona izay tsy fantatrao, satria mety hahitanao loza izany. Aza manaiky ho hararaotin'ny olona. Hajao ny fiainana manokan'ny mpampiasa anao sy ny fianakaviany toy ny hanajany anao. Aza miady hevitra mikasika ny fiainana manokan'ny mpampiasanao any ivelany. Hajao ny fivavahan'ny fianakavian'ny mpampiasa anao

Raha tianao, dia afaka mividy akanjo hafa amin'ny volanao ianao. Ilain'ny mpampiasa ny fanaovanao ny akanjo fitondra miasa izay novidiany ho anao amin'ny asa sasany.

- Tombontsoa :
    1. Zonao ny manana toerana madio sy mahasalama hahafahanao miala sasatra.
    2. Zonao ny mahazo fitafiana mifanaraka amin'ny toetr'andro sy sakafo ampy sy ara-dalàna mifanaraka amin'ny toe-pahasalamanao (Andininy faha-8).
- Fitsaboana: Zonao ny mahazo fitsaboana, raha toa ka mila izany ianao. Ny saram-pitsaboana raha sendra tra-doza sy ny fidirana hôpitaly dia tokony haloan'ny fiantohana ara-pahasalamana izay nandoavan'ny mpampiasanao vola. Matetika dia tsy tafiditra amin'izany ny fitsaboana maso sy nify. (Andininy faha-9).

- **Fanomezan-dalana honina sy hiasa:** (Jereo ny Fizarana 1 izay ahitana fanazavana bebe kokoa). Rehefa tonga any Liban ianao, dia andraikitry ny mpampiasa anao ny hahazoanao fanomezan-dalana monina sy miasa any Liban izay tsy maintsy havaoziny isan-taona, ary izy no mandoa ny vola lany amin'izany (Andininy faha-10).
- **Ora iasana:** Miasa mandritry ny folo ora tsy mitohy isan'andro ianao, ary manan-jo hiala sasatra mandritry ny valo ora mitohy raha kely indrindra amin'ny alina (Andininy faha-11).

Midika izany fa afaka miala sasatra ianao ny atoandro ary fara fahakeliny mandritry ny adiny valo amin'ny alina. Raha toa ka mangataka anao hiasa amin'ny alina sy amin'ny faran'ny herinandro ny mpampiasa, dia tsy tokony hihoatra ny adiny folo izany izay elanelanin'ny fisakafoana sy fialana sasatra. Ataovy izay hanekena ny fotoana hialanao sasatra ary ambarao amin'ny mampiasa ny fotoana hiheveranao izany mba hisorohana ny tsy fifankahazoan-kevitra

- **Fialan-tsasatra isan-kerinandro:** Zonao ny miala sasatra iray andro isan-kerinandro, ary tompon'andraikitra tanteraka amin'ny tenanao ianao mandritra izany fotoana izany. Tokony hifanaraka amin'ny mpampiasa anao ianao amin'ny andro hakanao izany fialan-tsasatra izany, sy amin'izay hataonao amin'izany fotoana izany (Andininy faha-2).
- **Fialan-tsasatra isan-taona:** Manan-jo hiala sasatra mandritry ny enina (6) andro isan-taona ianao. Iadio hevitra amin'ny mpampiasa anao ny fotoana hakanao izany ary ampahafantaro azy ny fandaharam-potoananao (Andininy faha-12).
- **Vola lany amin'ny fitaterana:** Manan-jo homena tapakila hiverenana mody any an-tanindrazana ianao amin'ny fiafaran'ny fifanarahana araka asa. Misy lafiny sasany izay tsy ampiharana izany anefa izay voalaza ao amin'ny fifanarahana araka asa (Andininy Faha - 13).
- **Fifandraisana amin'ny fianakavianao:** Manan-jo hiresaka amin'ny telefaonina amin'ny fianakavianao sy ny namanao ianao ary koa manan-jo mandefa sy mandray taratasy na hafatra. Tokony hanamora ny fifandraisana amin'ny fianakavianao ny mpampiasa anao ary tokony hiantoka ny antso an-telefaonina iray isam-bolana izy, fa ianao kosa no tokony mandoa ny antso hafa (Andininy faha-14) (jereo ny fizarana faha 4.8 izay hahitana fanazavana bebe kokoa).
- **Fialan-tsasatra rehefa marary :** Raha toa ka marary na maratra ianao , ary voamarina tany amin'ny dokotera izany, dia manan-jo hijanona amin'ny asa mandritry ny 15 andro izay andraisana karama, ary 15 andro izay andraisana antsasa-karama . (Andininy faha-15).
- **Fifaranan'ny fifanarahana araka asa :**
  1. Azon'ny mpampiasa anao atao ny manapaka ny fifanarahana araka asa aminao raha toa ka misy zavatra ataonao miteraka olana goavana ho an'ny mpampiasa anao, na koa mety hanasazian'ny lalàna anao; amin'izany, , dia ianao no mandoa ny vidin'ny tapakila hodianao an-tanindrazana(Andininy faha-16).
  2. Azonao atao ny manapaka ny fifanarahana araka asa raha toa ka tsy voaloa na tsy ampy ny karama omena anao mandritry ny telo volana mitohy (3) ; raha toa ka misy fanaparam-pahefana ara-batana na ara-tsaina, izay voamarin'ny dokotera, na koa misy fanambakana na fanerena anao hanao asa hafa ankoatry ny asa an-trano; amin'izany, dia ny mpampiasa no mandoa ny vidin'ny tapakila hiverenanao mody any an-tanindrazana (Andininy faha-17).
- **Fifanolanana:** Raha toa ka misy fifanolanana aminao sy ny mpampiasa anao mikasika ny zo sy ny andraikitrao amin'ny fifanarahana araka asa, dia afaka mitaraina any amin'ny Ministeran'ny asa ianao sy ny mpampiasa anao, izay hanampy amin'ny famahana ny olana amin'ny alalan'ny fifandaminana (Andininy faha-18). Raha toa ka tsy voavaha ny olana, dia afaka mitondra ny raharaha any amin'ny Fitsarana any Liban ianareo roa tonta (Andininy faha-19). (Jereo ny fizarana 3.2 ).
- **Kopia ofisialy:** Amin'ny teny arabo ny fifanarahana araka asa, izay hohadika amin'ny fiteninao ihany koa . Ataovy izay hahazoana antoka fa manao sonia izany ianao ary mitazona ny kopia ho anao.

# Fizarana 3


## Inona no atao raha sendra olana ianao?



*Photo taken from the video "Maid in Lebanon" by Carol Mansour*

# 1. Sendra olana ianao raha toa ka very ny sata maha ara-dalàna anao

## Very ny sata maha ara-dalàna anao raha toa ka:




- Lany andro ny fanomezan-dalana miasa sy monina any Liban.
- Miala ny tranon'ny mpampiasa ianao ( mandositra) ary mampianto ny asa tsy misy antony ara-dalàna, na hamarinin'ny fifanarahana araka asa.
- Miasa tsy ara-dalàna ianao (tsy misy fanomezan-dalana hiasa).
- Raha toa ka mangalatra, mamono olona, mivaro-tena, manao hosoka, manimba zavatr'olona, sns…ianao
- Tsy mahazo alalana honina sy hiasa any Liban intsony ianao.…

## Inona no mitranga raha toa ka very ny sata maha mponina ara-dalàna anao?



- Tsy mahazo alalana honina sy hiasa any Liban ianao. Mety hisy olona hafa hanararaotra anao.
- Mety hiatrika fandrahonana (fakana vola , fampanaovana asa, na fanandevozana), sy fanaparam-pahefana ( ara-batana, firaisana ara-nofo) ianao
- Mety hiaina amin'ny tahotra ho voasambotra, sy ho voagadra ary hampodiana ianao
- Mety ho voasambotra ary hampodiana ianao, satria heverina fa mandika ny lalàna manan-kery mikasika ny fifindra-monina sy ny fipetrahana any Liban.
- Mety ho sarotra ny hahazoanao fiarovana avy amin'ny lalàna, fitsaboana sy fanampiana hafa ho an' ny mpiasa ara-dalàna.
- Raha toa ka voasambotra na migadra ianao noho ny tsy maha ara-dalàna anao, dia azon'ny manam-pahefana atao ny mitazona anao amin'ny fonja ambara- pahitana vahaolana mikasika anao.
- Raha toa ka voapanga fa nangalatra, na nivaro-tena ianao dia hotsaraina ary hotazonina am-ponja. Izany no antony tsy tokony hanaovanao izany heloka izany
- Raharaha sarotra ny voatazona am-ponja, ka mitandrema mba tsy hahatafiditra anao amin'ny raharaha mety hitarika figadrana.



**Tabilao faha-3 : " Mandositra"**


Ampiasaina izany teny izany mba hilazana mpiasa an-trano mifindra monina izay miala ny tranon'ny mpampiasa azy noho ny :

- Fitondrana ratsy ;
- Tsy fandoavana karama ;
- Faniriana hitady asa hafa manokana hahazoana vola bebe kokoa
- Tsy fitiavana ny asa.

**Tadidio fa :**

- "Ny fitsoahana" amin'ny tokantranon'ny mpampiasanao dia mety hahitanao fahasahiranana mihoatra izay niainanao teo aloha.
- Aza heverina ho vahaolana voalohany ny fialana amin'ny tranon'ny mpampiasa anao.
- Jereo aloha izay fomba hiadian-kevitra mikasika ny olana amin'ny mpampiasa anao, indrindra raha toa ka mifandraika amin'ny zo ao amin'ny fifanarahana araka asa izany.
- Raha toa ka tsy mahomby izany, ka tapa-kevitra ianao ny hiala ao amin'ny tokantranon'ny mpampiasa ianao, dia tanteraho izany rehefa avy niantso olona afaka hanampy anao (jereo ao amin'ny tovana faha-2: "Mangataka fanampiana".)
- Hamarino fa azonao :

  - Ny safidy ananao, sy ny vokatr'izany
  - Ny torohevitra nomena anao
  - Ny fiantraikan'ny safidinao.



## TOROHEVITRA:

- Rehefa miatrika toe-draharaha sarotra ianao dia :
  - "Mitonia!"
  - "Aza mikoropaka!"
  - "Aza mandray fanapahan-kevitra noho ny fankahalana sy ny famoizam-po "
  - "Aza avela hitarika anao ny fihetsika mitondra fanenenana aoriana ny hatezerana sy ny tahotra "
  - " Katsaho izay hahitana vahaolana azo antoka sy mifanandrify amin'ny toe-draharaha."
  - "Aza manao zavatra izay mety haningotra ny filaminanao!"
  - "Aza misalasala mangataka fanampiana, ary tadidio fa tsy irery akory ianao."
  - "Misy ireo olona izay afaka manampy anao."

- Voalohany, andramo antsoina ireo nomeraon'ny telefaonina amin'ity torolalana ity (ny Masoivohon'ny firenenao, ny Ministeran'ny Asa, ny Departemanta misahana ny filaminana)
- Hazavao mazava tsara, amin'ny fomba mahitsy ny olana atrehinao, ary henoy ny safidy sy ny torohevitra omena anao.
- Raha toa ka tsy afaka mampiasa telefaonina ianao dia :
  - "Miantsoa ny mpifanolo-bodirindrina "
  - "Mangataha fanampiana avy amin'ny mpiasa an-trano hafa izay atokisanao."

## 2. Inona no hatao raha sendra fifanolanana amin'ny mpampiasa?

Manantena izahay, fa amin'ny maha mpiasa anao, dia hanana fifandraisana tsara amin'ny mpampiasa ianao. Na dia izany aza, dia mety hisy izay hampifanolana anao sy ny fianakaviana iasanao noho ny tsy fitovian-kevitra sy fahasamihafan'ny zavatra andrasana, sy ny fisainana samy hafa. Raha mitranga izany, dia ataovy aloha izay hiadian-kevitra ampilaminana amin'ny mpampiasa mba hahitana vahaolana azon'ny roa tonta ekena .

Zava-dehibe ny fifandraisana tsara amin'ny mpampiasa, ary matetika dia mety ho sakana amin'izany ny tsy fitovian'ny fiteny. Mety tsy ho afaka maneho izay tianao hambara, araka izay irinao ianao, na koa tsy mahazo tsara izay lazain'ny mpampiasa.

Mamporisika anao mba hianatra ny teny arabo izahay ao amin'ny toeram-piasanao, na koa manontany ny namanao na ny mpiray tanindrazana aminao izay efa nipetraka ela any Liban. Noho izany, dia omenay voambolana fototra amin'ny teny arabo ianao mba hifandraisanao amin'ny mpampiasa sy ny fianakaviany (Jereo tovana 1). Tokony hilaza ny hevitrao amim-pahatoniana sy amim-paharetana amin'ny mpampiasa ianao.

Voalaza amin'ny fifanarahana araka asa fa raha toa ka tsy voavaha mivantana ny fifanolanana aminao sy ny mpampiasa anao, dia samy afaka mitaraina any amin'ny Ministeran'ny Asa ianareo, ary raha toa ka tsy voavaha eo ny olana, dia atolotra ny Fitsarana. Manoro hevitra anao koa izahay mba hangataka fanampiana avy amin'ny andrim-panjakana izay afaka manampy anao araka izay voalaza ao amin'ny Tovana faha-2.

## 3. Inona no atao hoe fanamparam-pahefana amin'ny asa?





Ny fanamparam-pahefana dia fomba fitondrana ratsy ataon'ny mpampiasa na ny fianakaviany aminao. Ampahafantaro ny Masoivohon'ny firenenao, ny Ministeran'ny Asa sy ny Departemanta misahana ny Filaminana ao anatin'ny 48 ora izany . Misy endrika maro isehoan'ny fanamparam-pahefana:

1. **Fanararaotana ara-toekarena :** raha toa ka tsy voahajan'ny mpampiasa ny fepetra ao amin'ny fifanarahana araka asa, toy ny tsy fandoavana karama ara-potoana na tsy fahampian'ny karama omena, na tsy fandoavana karama mihitsy; ny tsy fanomezana fitsaboana, ny toerana ipetrahana tsy zarizary, na koa ny tsy fanomezana sakafo, sns…

2. **Fanamparam-pahefana ara-tsaina :** rehefa misakana anao hifandray amin'ny fianakavianao ny mpampiasa, mametra ny fahafahanao mivezivezy sy ny fotoana fialan-tsasatra, mitazona ny pasipaoro sy ny antontan-taratasy mikasika anao manokana, na manidy anao amin'ny efitrano iray tsy araka ny sitraponao .
3. **Fanaparam-pahefana amin'ny alalan'ny teny:** fampiasana teny manivaiva, manompa, manambany, maneso ny firazananao, ny fivavahanao, sy ny fombanao manokana sns…
4. **Herisetra ara-batana :** Mikapoka, manongo, mandaka, mandoro, sns… (lava io lisitra io )
5. **Fanerena amin'ny firaisana ara-nofo :** rehefa misy olona ao amin'ny fianakaviana manery anao hanao firaisana ara-nofo tsy amin'ny sitraponao, na manao fihetsika mitady hanao firaisana ara-nofo sns…

Raha mitranga ny iray amin'ireo voalaza eo ambony ireo, dia azonao atao ny manapaka ny fifanarahana araka asa.



**** Tadidio fa ny fitondrana ratsy ataonao amin'ny mpampiasa sy ny fianakaviany dia toy ny fanaparam-pahefana ihany koa, ka ahafahan'ny mpampiasa manapaka ny fifanarahana araka asa. Azo enjehin'ny lalàna manan-kery any Liban ianao, arakarak'izay fanaparam-pahefana ataonao.**


## 4. Ny fiovana mpampiasa

Ny telo volana voalohany no sarotra indrindra satria vao mizatra amin'ny asa sy ny tontolo manodidina vaovao ianao. Mety tsy ho tianao ny asa fa sarotra loatra,ary mamizana anao ny ora maro iasana. Mety ho sarotra ny fifandraisanao amin'ny mpampiasa anao, ka mahatsiaro fa irery sy voan'ny tsindry hazo lena ianao.

- ♦ Alohan'ny handraisanao fanapahan-kevitra goavana, sy hangatahanao hiova mpampiasa, dia tsara kokoa ny hifampidinihanareo ary hitady izay vahaolana amin'izay manahiran-tsaina anao.
- ♦ Raha toa ka tsy misy vahaolana amin'izany, dia afaka mangataka hiova mpampiasa ianao. Ny sampan-draharaha misahana ny fampidirana mpiasa any Liban no tokony hanampy anao sy ny mpampiasa anao ao anatin'ny telo volana ihany aorian'ny fahatongavanao any Liban .

## 5. Fanampiana amin'ny lafiny lalàna

Manan-jo amin'ny fanampiana amin'ny lafin'ny lalàna ianao. Ohatra, afaka manatona mpisolo vava ianao izay hanoro hevitra anao na koa hisolo tena anao any amin'ny Fitsarana. Mety ho lafo vidy anefa izany, ary tsy ho zakanao ny fandoavana azy. Na dia izany aza, dia misy ireo Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana (Tovana faha-2) afaka manampy anao, ary tsy andoavam-bola izany. Raha toa ka tsy maintsy miseho any amin'ny Fitsarana ianao na inona na inona antony, dia afaka mangataka mpandika teny ianao, ka mety ho afaka manampy anao amin'izany ny Masoivohon'ny firenenao, na koa ireo Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana. Manan-jo hifanantona amin'ny Masoivohon'ny firenenao ianao eo amin'ny fanampiana amin'ny lafiny lalàna, na koa raha toa ka mila mpandika teny.



**TOROHEVITRA**:

- Tadidio ny nomeraon'ny telefaonina ilainao, raha toa ka misy fifanolanana tsy maintsy ahitana vahaolana maika aminao sy ny mpampiasa anao.
- Misy nomerao telefaonina ahafahana miantso ny Pôlisy sy ny mpitondra marary ao amin'ny tovana faha 2 raha misy ilàna azy ireo maika ao amin'ny misy anao na ny manodidina anao.

## 6. Fantaro bebe kokoa:

### Ny Fisorohana ny loza amin'ny toeram-piasana:

- Aza mampiasa Clorox miaraka amin'ny rano mafana. Tokony hanao fonon-tanana vita amin'ny plastika ianao rehefa mampiasa akora simika amin'ny fandiovana ny trano. Afaka manao saron-tava koa ianao, ary tokony hanao kiraro mba tsy hampibolisatra anao amin'ny gorodona lena.
- Raha toa ka manadio varavarankely na lavarangana ianao, dia mitandrema tsara mba tsy hianjera any ivelany.
- Aza manao akanjo lena amin'ny fotoana maharitra, mba tsy hamparary anao.
- Manontania hatrany rehefa misy tsy azonao ny toromarika avy amin'ny mpampiasa.

### Mariazy

- Amin'ny maha mpiasa mifindra monina anao, dia tokony ho fantatrao ny fiantraikan'izany amin'ny lalàna raha toa ka te hanambady, na te hitondra vohoka rehefa miasa any Liban ianao,.
- Tsy misy ny fepetra amin'ny mariazy ara-panjakana any Liban, kanefa manaiky ny mariazy sivily atao ivelan'ny fireneny ny Fanjakana any Liban.
- Araky ny Lalàmpanorenana any Liban, dia afaka manambady ny olon-drehetra. Na dia izany aza, dia mety hiteraka olana amin'ny fiantohan'ny mpampiasa anao ny fanambadianao ny. Makà torohevitra any amin'ny Masoivohon'ny firenenao mikasika izany (Jereo tovana 2 'mangataka fanampiana').

## Ny fitondrana vohoka

- Mialoha sy aorian'ny fahatongavanao any Liban, dia tsy maintsy manao fitiliana mikasika ny fitondrana vohoka ianao.
- Any Liban, dia tsy misy ny fiantohana amin'ny fitondrana vohoka ho an' ny vehivavy mpiasa an-trano mifindra monina.
- Raha bevohoka ianao, dia tsy afaka mijanona amin'io firenena io, ary ny orinasa misahana ny fandraisana mpiasa no mampody anao.
- Tokony hitandrina amin'izany ianao, na dia efa misy aza ny ezaka atao hanovana izany.
- Ny fiantohana ara-pahasalamana izay natao ho an'ny vehivavy mpiasa an-trano mifindra monina dia tsy miantoka ny vola lany amin'ny fiterahana, ary tsy mahazo fialan-tsasatra ihany koa aorian'ny fiterahana.
- Mety hahitanao olana ny fanaovana hosoka amin'ny fizahana ara-pahasalamana amin'ny fitondrana vohoka.
- Tadidio fa araka ny lalàna manan-kery ao Liban, dia tsy mizaka ny zom-pirenen'ny reniny ny zaza aterany.

## Fivarotana olona:

- Mila fantarina ny mahasamihafa ny fifindra-monina hiasa sy ny fivarotana olona.
- Ny raharaha izay azo adika ho fivarotana olona dia tokony hanaovana tatitra any amin'ireo Fikambanana voalaza ao amin'ny tovana faha-2.

**Famaritana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny atao hoe fivarotana olona :**

Ny atao hoe fivarotana olona " dia ny fandraisana olona hiasa, fitaterana, famindrana toerana, fampiantranoana azy ireo amin'ny alalan'ny fandrahonana, fanerena, fampiasan-kery, ny fanaparam-pahefana amin'ny olona marefo, na fanomezana vola mba haneren'ny ny olona iray manam-pahefana amin'izy ireo (olona varotana), hampanaiky azy, sy hanararaotana azy ireo."

Tafiditra amin'izany ny fivarotan-tena sy ny endri-panararaotana hafa amin'ny firaisana ara-nofo hafa, ny asa anterivozona, ny fanandevozana sy ny fomba fanao mitovitovy amin'izany, na fanalana taova amin'ny vatan'olombelona .*

*Fifanarahan'ny Firenena Mikambana Palermo, 2000.

# Fizarana 4


## Mampifanaraka ny fiainanao amin'ny kolontsaina ao Liban



*Photo by Carol Mansour*

**Amin’ny maha mpiasa mifindra monina anao, ny fahafantarana ny kolontsaina sy ny fomban’ny mponina any Liban dia hanampy sy hanatsara ny fiainanao mba hisorohana ny tsy fifankahazoan-kevitra amin’ny fianakavian’ny mpampiasa anao.**

## 1. Mikasika an’i Liban : filazalazana mikasika ny firenena



- Ao amin’ny sisintany atsinanan’ny ranomasina “ Mediteranea ” no misy an’i Liban.
- Firenena be tendrombohitra, ary misy lemaka sy morontsiraka izay mitovy hahavo amin’ny ranomasina i Liban.
- 4 tapitrisa eo ho eo ny isan’ny mponina.
- Aorian’i Beyrouth, dia Baalbek, Batroun, Beiteddine, Jezzine, Byblos (Jbeil), Jounieh, Sidon, Tripoli, Tyr no tanana lehibe indrindra . Beyrouth no renivohitra, tanàna amoron-dranomasina izay ipetrahan’ny antsasaky ny mponina.
- Ny Livre Libanaise (LL na LBP) na Lira no vola miasa any Liban. Ampiasaina amin’ny fiainana andavanandro koa ny Dollar Amerikana ( ny iray dolara amerikanina dia mitentina 1500 LL ). Mety hiovaova anefa ny sandam-bola
- Miovaova arakaraky ny toerana sy ny vanim-potoana ny toetr’andro, mafana sy mangatsiaka. Manomboka amin’ny volana Jiona ka hatramin’ny Septambra ny andro mafana, ary manomboka amin’ny Oktobra ka hatramin’ny faran’ny Aprily ny hatsiaka.
- Antonony ny hafanana amin’ny volana Aprily sy May. Mafana kokoa ny faritra manamorona ny ranomasina raha oharina amin’ny faritra be tendrombohitra.
- Amin’ny andro mafana, dia ilaina ny akanjo maivana mifanaraka amin’izany.
- Amin’ny fotoan’ny hatsiaka, dia ilaina ny fitafiana matevina ( akanjo mafana, bà kiraro, sy ny sarondoha mafana na satroka mafana ).
- Maro karazana ny fivavahana, ny foko, ny firenena fihavian’ ireo olona monina sy miasa any Liban. Zava-dehibe ny firindran’ny fifandraisana amin’ny olona samihafa fivavahana sy foko, mba hahafahan’izy ireo miara-miaina.
- Raha misy olana: fantaro ny fizotran’ny toe-draharaha politika ao amin’ny firenena, ary araho ny fitsipika fototra amin’ny filaminana, ohatra, ny tsy fivoahana ny trano mandritry ny fotoana mampafana ny fifandonana,, sy ny tsy fandehanana amin’ny toerana vory vahoaka.




## 2. Fomba fanao ara sosialy

- Any Liban, dia mety hiteny mafy ny olona. Tsy midika anefa izany fa tezitra izy ireo, na koa tsy tia anao. Fomba fifaneraserana hafa amin'izay mety mahazatra anao izany.
- Mety hiara miteny ihany koa ny olona, ary mety hahazo toromarika samihafa avy amin'ny mpikambana amin'ny fianakaviana iray ianao. Raha toa ka mitranga izany, dia anontanio ny mpampiasa anao  izay tokony hatao mialoha.
- Matetika, dia maneho fandavana ny mponina any Liban rehefa mampiakatra ny volomasony na ny lohany, na rehefa manodikodin-doha.
- Fomba fanaon'ny mponina any Liban ny manasa olona maro hikorana ao an-tranony, ary mitohy mandritry ny alina izany.

## 3. Fidirana eo anivon'ny fianakavian'ny mpampiasa

- Tokony hataonao izay hahazatra anao ny fianakavian'ny mpampiasa. Ataovy izay hahazoanao ny fombafomba sy fitsipika ara-pivavahana, ara-sosialy, ara kolontsainan'ny fianakavian'ny mpampiasa anao, mba hahatonga anao ho tafiditra bebe kokoa amin'ny fiainan'ny tokantrano.



## 4. Fivavahana

- Manana lalàmpanorenana izay mihatra amin'ny vahoaka rehetra i Liban, ary tafiditra amin'izany ny mpiasa an-trano mifindra monina.
- Manana toerana lehibe any Liban ny fivavahana. Roa ny fivavahana lehibe indrindra, dia ny kristianina sy ny silamo, ary maro ny sekta ao anatin'ny fivavahana iray.
- Ny fivavahana Kristianina dia ahitana ny : katôlika, marônita, grika ôrtodoksa,protestanta sy ny sekta maro samihafa.
- Ny fivavahana Silamo dia misy ny: chiites, sunnites, alaouites, ary ny druzes.
- Samy manana ny fomba fanaony sy ny lalànany avy ny fivavahana tsirairay ary toy izany koa eo amin'ny lalànam-pianakaviana mikasika ny fanambadiana sy fandovana sns…

Mety ho samihafa amin'ny anao ny fivavahana arahin'ny mpampiasa anao. Zava-dehibe ny fanajanao sy ny fanajan'ny mpampiasanao ny fomba amam-panaon'ny tsirairay amin'ny fivavahana.

## 5. Fomba fanao sy fitondran-tena ara-sosialy

Mety ho samihafa amin'ny fihevitry ny mpampiasa anao izay mety hoheverinao fa fomba fitondran-tena tsara any amin'ny firenenao. Tokony hiadianao hevitra amin'ny mpampiasa anao ireto lafiny voalaza manaraka ireto:

- Ny fomba fiakanjonao ao an-trano sy any ivelan'ny tokantrano. Tsy mety ny manao "kilaoty fohy " na zipo fohy na akanjo mifinjifinjy rehefa miasa. Amin'ny tokantrano sasany, dia fomba fanao ny manao ny akanjo omen'ny mpampiasa anao.
- Mety hisy ny tsy fifankahazoan-kevitra rehefa miresaka amin'ny lehilahy noho ny kolontsaina tsy mitovy. Mety ho heverina ho faniriana fifandraisana hafa ny fomba fihetsika tsotra asehonao amin'ny maha namana. Tokony hodinihinao akaiky ny fomba firesahan'ny lehilahy amin'ny vehivavy any Liban mba tsy hisian'ny fifandisoan-kevitra.

## 6. Sakafo



Heverina ho mifandanja, ary mahasalama ny fomba fahandro sakafo any Liban. Ao anatin'izany ny mofo, legioma, voankazo sy hazandrano ary ny hena. Isan'ny sakafo malaza mampiavaka an'i Liban ny "Mezze", izay ahitana oliva, fromazy, saosy, salady ary anana mifangaro...

Tsy mitovy ny sakafo mahazatra amin'ny kolontsaina samihafa any Liban. Ohatra, misy tokantrano tsy mihinana hena kisoa, na tsy mamela izany hiditra ao amin'ny tokantranony Ny tokantrano sasany dia tsy manaiky ny hihinanana sakafo amin'ny tanana, na tsy mamela ny hitondrana zava-pisotro misy alikaola ao an-tokantranony.

Noho izany; dia tokony hanontanianao ny mpampiasa raha toa ka misy fitsipika arahina ny amin'ny fividianana na fihinanana sakafo sasany.

Tokony hohazavainao amin'ny mpampiasaa anao ny sakafo mahazatra anao, (fahazarana mihinam-bary) mba hahafahanareo mifanaja amin'izany.

## 7. Fenitra Ara-Pahadiovana

- Miova araka ny tokantrano sy ny kolontsaina ny atao hoe "madio ".
- Satria hiara-monina amin'ny mpampiasa ianao, dia ilaina ny hampazava ny fenitra ara-pahadiovana.

- Mety ho samihafa ny fenitra amin'ny fahadiovana mikasika ny fanasana ny sakafo, vilia, trano, fitaratra, sy ny fahadiovan'ny vatana.
- Tokony ho hajainao ny fahadiovana izay takian'ny mpampiasa rehefa mikarakara sakafo sy zava-pisotro ianao.
- Zava-dehibe ihany koa ny fahadiovan'ny tena, indrindra raha toa ka mikarakara zazakely ianao. Tokony hanasa tanana matetika ianao amin'ny rano sy savony, mba tsy hamindrana sery.

## 8. Ahoana ny fomba hifandraisana amin'ny fianakavianao

- Anontanio matetika ny vola aloa amin'izany, satria mety hisondro-bidy
- Matetika dia ny fiantsoana nomerao mivantana no ampiasain'ny mponina any Liban rehefa miantso amin'ny telefaonina. Misy tranokely azonao ampiasaina amin'ny fiantsoana amin'ny telefaonina eo an-toerana sy any ivelany rehefa mampiasa karatra telefaonina ianao, ary azonao atao ny mividy karatra any amin'ny magazay. Afaka manao izany any amin'ny toerana voatokana amin'izany , ary andoavana lelavola ihany koa ianao.
- Afaka manantona ny Biraon'ny Paositra koa ianao raha handefa taratasy na raharaha hafa.

**Box 4: Ny kaody iraisampirenena ho an'ny firenena tsirairay**

| Firaisampirenena | Kaody |
|---|---|
| Bangladesh | 00880,<br>Miantso any Dhaka: 00880-2-dia ny nomerao hantsoinao. |
| Eritrea | 00291,<br>Miantso any Asmara: 00291-1- dia ny nomerao hantsoinao. |
| Etiopia | 00251,<br>Miantso any Addis Ababa: 00251-1- dia ny nomerao hantsoinao. |
| India | 0091,<br>Miantso any Delhi: 0091-11-dia ny nomerao hantsoinao. |
| Madagasikara | 00261,<br>Miantso any Antananarivo: 00261-2- dia ny nomerao hantsoinao. |
| Filipina | 0063,<br>Miantso any Manila: 0063-2- dia ny nomerao hantsoinao. |
| Sudan | 00249,<br>Miantso any Khartoum: 00249-11- dia ny nomerao hantsoinao. |
| Sri Lanka | 0094,<br>Miantso any Colombo: 0094-1- dia ny nomerao hantsoinao. |


## 9. Ahoana ny fomba fandefasana vola any amin'ny firenenao

- Afaka mandefa vola amin'ny firenenao any amin'ny toerana fandefasam-bola iraisampirenena ianao. Arakaraky ny toerana andefasana vola ny vola aloa amin'izany. Amin'ny ankapobeny, dia 15 Dolara amerikanina ny sandan'ny fandefasana vola 100 ka hatramin'ny 1000 dolara , arakaraky ny sandam-bola.
- Azo atao ny mandefa vola amin'ny alalan'ny kaontin'ny mpampiasa anao any amin'ny kaonty any amin'ny Bankinao any an-tanindrazanao. Mety hanampaniriana hanokatra kaonty any amin'ny banky ianao alohan'ny fotoana handehananao mba hanamorana an'izany fandefasana vola izany. Marihina fa mety haka vola sandan'izany ny bankinao sy ny banky mpandefa vola. Tokony hofantarina ny vola aloa amin'izany alohan'ny hanapahanao hevitra mikasika ny fomba handefasanao vola.
- Afaka ampitondrainao olona azo antoka hanaraka ny toro-marika omenao ihany koa ny karamanao.

## 10. Fitaterana

Misy fitaovam-pitaterana maro azo ampiasaina ao Beyrouth sy manerana an'i Liban:

- Ny "bus" na ny "minibus" no mampifandray ny ankamaroan'ny tanàna samihafa.
- Ny "taxi" sy ny "service" dia miasa ao amin'ny tanàn-dehibe na ny toerana samihafa. Ny "service" dia "taxi" ifampizarana amin'ny mpandeha hafa. Mety ho avo roa heny ny saran-dalana aminy raha lavidavitra ny toerana aleha, izay atao hoe " serviissayne". Miloko mena ny plaky famantarana ny "taxi" sy ny "service".



**Torohevitra**

- Ampafantaro tsara ny mpamily na "taxi" na "service" no toerana halehanao, ary mifanaraha tsara amin'ny saran-dalana arakaraka ny toerana haleha.
- Miakatra matetika ny saran-dalana ka ilaina ny manara-maso izany sy miady varotra.
- Mizàra amin'ny toerana izay onenanao mba hahitanao ny lalana manodidina mba tsy hahavery anao.
- Mitadiava famantarana iray akaikin'ny trano fonenana (fivarotana, trano, ministera, fitahirizana vakoka, trano fijerena sarimihetsika sns.).
- Ento miaraka aminao ny adiresy sy ny nomeraon'ny telefaonin'ny mpampiasa anao, amin'ny teny arabo sy teny anglisy raha sendra mila fanampiana ianao.

## 11. Miantsena

Maro ny toerana azonao iantsenana amin'ny tanan-dehibe, na hividy akanjo, na sakafo. Tokony ho fantatrao anefa fa miovaova ny vidin'entana, ary mety ho lafo ny vidin'ny entana nafarana avy any ivelany.

## Ry mpiasa namana,

Manantena izahay fa nanampy anao ity torolalana ity, ary nanome fampahafantarana maro izay ilainao amin'ny fiainanao ho avy any Liban . Farany, dia tianay ny manome toky anao fa ny Governemanta any Liban, miaraka amin'ireo Sampan-draharaha Iraisam-pirenena sy Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana dia miara-miasa mba hanatsarana ny fepetra hiasanao, sy mba hananan'ny rehetra asa mendrika.

Na dia izany aza, dia mety hisedra toe-draharaha sarotra ianao amin'ny fiarovana ny zonao araka izay voalaza amin'ity torolalana ity; sahala amin'ny fitazonana ny pasipaoro, ny tsy fahazoana karama feno, ny tsy fahazoana fotoana fialan-tsasatra sy fivoahana ny tokantrano. Miara-miasa amin'ny Governemanta any Liban izahay mba hahafahana mahazo antoka mikasika ny fipetrahanao any Liban ampilaminan-tsaina. Manantena vokatsoa izahay amin'ny fanampianao anay.



Photo by Carol Mansour

# Tovana 1: Ny teny Arabo

Ny teny Arabo no teny ofisialy any Liban, na izany aza dia miteny Anglisy sy frantsay ihany koa ry zareo. Ireto àry misy voambolana vitsivitsy fampiasa andavan'andro amin'ny teny Arabo:

## FIFAMPIARAHABANA

| | |
|---|---|
| • Manao ahoana! | marhaba |
| • Manao ahoana? (valiny) | marhabtain |
| • Veloma: | ma'a salaama / Allah ma'ak |
| • Manao ahoana? (maraina): | sabah al-khayr |
| • Manao ahoana? (valiny): | sabah al-noor |
| • Manao ahoana? (hariva) | masa' al-khayr |
| • Manao ahoana? (valiny): | masa 'an-noor |
| • Tafandria mandry | tisbah 'ala khayr |
| • Tafandria mandry | wa inta min ahlu |
| • Eny: | na'am / aiwa |
| • Yeah: | ay |
| • Tsia: | la |
| • Azafady (fangatahan-javatra): | iza bitreed (vehivavy) / iza bitreedi (lehilahy) |
| • Azafady (fomba mihaja): | law samaht(vehivavy) / law samahti lehilahy) |
| • Mandroso tompoko: | tfaddal / tfaddali (lehilahy / vehivavy) |
| • Misaotra: | shukran / merci |
| • Misaotra betsaka: | shukran kteer |
| • Tsy misy fisaorana: | 'afwan or tikram / tikrami (vehivavy / lehilahy) |
| • Andraso kely azafady: | lahza min fadlak / fadlaki (lehilahy /vehivavy |
| • Azafady (mangata-dalana ohatra): | 'afwan |
| • Azafady (nanao hadisoana): | aasif / aasifa (lehilahy / vehivavy) |
| • Tsy  maninona: | mafi mushkili |
| • Tsy maninona: | ma'alesh |
| • Andraso kely hoe: | lahza |
| • Arahabaina (nahavita zavatra goavana): | mabrouk |
| • Manao ahoana ny fahasalamana? | kifak? / kifik? (lehilahy / vehivavy) |
| • Tsara fa misaotra: | bikher il-hamdu lillah |
| • Iza no anaranao? | shu-ismak? / shu ismik? (lehilahy / vehivavy) |
| • Ny anarako dia…: | ismi… |
| • Faly mahafantatra anao: | tsharrafna |
| • Avy aiza ny fihavianao?: | min wayn inta? / inti? (lehilahy/ vehivavy) |
| • Izahay avy any …: | ana min… |
| • Tianao ve ny…?: | inta bitheb? / inti bithebi? (lehilahy / vehivavy) |
| • Tiako ny…: | ana bheb… |
| • Tsy tiako ny : | ana ma bheb… |

## TOERANA HALEHA :

- Aiza ny lalana mankany…?: keef boosal ala…?
- Ity: min hon
- Eto / ery: hon / honeek
- Manoloana ny: iddaam
- Akaiky ny: qareeb
- Lavitra: ba'eed
- Avaratra: shimaal
- Atsimo: janoub
- Atsinanana: sharq
- Andrefana: gharb

## HAMEHANA :

- Vonjeo!: saa'idoone!
- Marary aho ana mareed / mareeda (lehilahy / vehivavy)
- Antsoy ny polisy: ittasil bil bolees
- Dokotera: daktoor
- Hopitaly: al-mustash-fa
- Polisy: al bolees
- Mandehana any!: imshee! / rouh min hon!
- Akorinao izay! aayb!

## TAREHIMARIKA:

- 0: sifr
- 1: wahid (wahad)
- 2: itnayn / tintayn
- 3: talaata
- 4: araba'a
- 5: khamsa
- 6: sitta
- 7: saba'a
- 8: tamanya
- 9 tis'a
- 10: 'ashara
- 11: yeehdaa'sh
- 12: yeetnaa'sh
- 13: talaatash
- 14: arbatash
- 15: khamastash
- 16: sittash
- 17: sabatash
- 18: tamantash
- 19: tasatash

- 20: 'ashreen
- 21: wahid (wahad) wa 'ashreen
- 30: talaateen
- 40: arba'een
- 50: khamseen
- 60: sitteen
- 70: saba'een
- 80: 'tamaneen
- 90: tis'een
- 100: miyya
- 200: miyyatayn
- 1,000: 'alf
- 2,000: 'alfayn
- 3,000: talaat-alaf

**ORA SY ANDRO:**

- Amin'ny firy izao?: addaysh essa'aa?
- Rahoviana?: emta?
- Izao: halla'
- Rehefa avy eo: b'adayn
- Ara-potoana: 'al waket
- Aloha: bakkeer
- Tara: ma'qar (ma'akhar)
- Isan'andro: kil youm
- Anio: al-youm
- Rahampitso: bukra
- Rahafak'ampitso: ba'ad bukra
- Omaly: imbaarih
- Minitra: daqeeqa
- Ora: saa'a
- Andro: youm
- Herinandro: usboo'
- Volana: shahr
- Taona: sana
- Maraina: soubeh
- Tolak'andro: ba'ad deher
- Hariva: massa
- Alina: layl
- Alatsinainy al-tenayn
- Talata: at-talaata
- Alarobia: al-arba'a
- Alakamisy: al-khamees
- Zoma: al-jum'a
- Asabotsy: as-sabt
- Alahady: al-ahad

## FIANTSENANA & FANDRAHARANA:

| | |
|---|---|
| • Mitady an'i …aho: | ana abhath… aa'n |
| • Aiza no misy ny …? | wayn…? |
| • Masoivoho: | saffara |
| • Seranam-piaramanidina: | matar |
| • Fiangonana: | kineesa |
| • Mosque: | jemii |
| • Fidirana (varavarana/vavahady): | al-madkhal |
| • Fivoahana (varavarana/vavahady): | al-khurooj |
| • Fanasan-damba: | al ghaseel |
| • Magazay lehibe fiantsenana | Supermarket: |
| • Tsena fivarotana: | dikkene (mahal) |
| • Paositra (birao): | maktab al-bareed |
| • hotely: | al-mata'am |
| • Te hanakalo…: | baddee sarref… |
| • Vola: | masaari |
| • Amin'ny firy no mivoha ny…? | emta byeftah? |
| • Amin'ny firy no mihidy ny…? | emta sakkir? |
| • Inona ity? | shu hayda? / shu hada? |
| • Ohatrinona? | addaysh? |
| • Firy? | kam wahid? |
| • Ohatrinona ity? | bi'addaysh? |
| • Lafo be izany: | hayda kteer ghaalee |
| • Misy…? | fee…? |
| • Lehibe/ Lehibebe kokoa: | kbeer / akbar |
| • Kely / kelikely kokoa: | sagheer / asghar |
| • Mora / mora kokoa: | rkhees / arkhas |
| • Lafo: | ghaali |
| • Mihidy: | msakkar |
| • Mivoha: | maftuh |

## NY MOMBAMOMBA ANAO:

| | |
|---|---|
| • Daty nahaterahana: | tareekh al-melad / -wilaada |
| • Toerana nahaterahana: | makan al-melad / -wilaada |
| • Fihaviana: | al-jenseeya |
| • Anarana | al-ism |
| • Pasipaoro: | jawaz al-safar (or paspor) |
| • Fahazoan-dalana hivoaka: | visa / ta'shira |

## HAFA ANKOATR'IZANY:

| | |
|---|---|
| • Izaho: | ana |
| • Ianao: | inta / inti (male / female) |
| • Izy (lehilahy): | huwa |
| • Izy (vehivavy): | hiyya |
| • Isika: | nihna |
| • Ianareo: | into |
| • Zareo: | hinne |
| • Itondrao ….aho: | jibli |
| • Omeo aho: | itini |
| • Mila...aho: | baddee |
| • Trano: | beit |
| • Toerana : | baladi |
| • Tendrombohitra: | jabal |

## FITAOVAM-PITATERANA:

| | |
|---|---|
| • Fiarakaretsaka : | taxi |
| • Fiara fitateram-bahoaka | bus |
| • Raharaha: | Service |
| • Fiara: | Sayara |
| • Fiaramanidina: | attayara |

## ANDRO TSY FIASANA:

| | |
|---|---|
| • Krismasy: | id el milad |
| • Taombaovao: | ras el sene |
| • Paska: | id el foseh – paques |
| • Zoma masina: | jom'a al-'azimeh |
| • Sampan-kazo: | Cha'nine |

Ramadan: fotoana fifadian-kanina ho an'ireo Silamo ka manomboka amin'ny fiposahan'ny masoandro ka hatramin'ny filentehany mandritry ny volana fahasivy ao amin'ny fanoroanandro silamo.

Adha: Ity indray dia ankalazaina 70 andro aorian'ny Ramadan ary anamarihana ny sorona vitan'i Abrahama ho an'i Allah.

## SAKAFO:

| | |
|---|---|
| • Mofo: | khubez |
| • Rano: | maay |
| • Sira: | meleh |
| • Siramamy: | sukkar |
| • Kafe: | gahwwah |
| • Hena: | lahme |
| • Voankazo: | fuwaki |
| • Legioma: | khodra |
| • Vatomamy : | helou |

## AO AN- DAKOZIA

| | |
|---|---|
| • Vera: | kubbaya |
| • Kaopy: | finjan |
| • Vilia: | sahhan |
| • Sotro rovitra: | shauki |
| • Antsy: | sukkin |
| • Sotro: | malaaka |
| • Lafaoro: | furen |
| • Vata fampangatsiahana : | barrad |
| • Latabatra: | tawle |
| • Seza: | cursa/ karaseh |

## NY MOMBAMOMBAN'NY AO AN-TRANO:

| | |
|---|---|
| • Tohatra (azo afindra): | Sellom |
| • Tohatra: | Daraj / Draj |
| • Siny : | Salla |
| • Daba-pako: | Sallet Zuballa |
| • Fasiana tain-tsigara: | Manfada |
| • Fera: | Mekeweh |
| • Milina fanasan-damba: | Ghassala |
| • Fandriana: | Srir - Takht |
| • Lambam-pandriana: | Sharshaf |
| • Masinina fandiovan-trano: | Vacuum or Hoover |
| • Lambam-baravarana: | Baradi |
| • Gorodona/tany: | Ard |
| • Karipetra: | Sajjedeh / Sejjed |
| • Varavarankely: | Shebbak / Shbebik |
| • Lavarangana: | Balcon |
| • Varavaran-kazo/vy (ivelany): | Stara |
| • Prizy: | Prese |
| • Gazy: | Gaz |
| • Herin'aratra: | Kahraba |
| • Varavarana: | Bab |
| • Jiro an-joro-trano: | Lamba |
| • Fitaratra : | Mrayeh |
| • Sary: | Soura/ Sowar |

# Tovana 2: Filàna vonjy

| ANARANA | ANDRAIKITRA | FANAZAVANA MIKASIKA NY FIFANDRAISANA |
|---|---|---|
| **Governemanta** | | |
| Minisiteran'ny Asa – Departemantan' ny asa any ivelany | Manome ny vahiny fahazoan-dalana hiasa. | 01/556829 |
| Minisiteran'ny ati-tany – Sampan-draharaha miandraikitra ny vahiny. | Misahana ny fanomezana ny fahazoan-dalana hiditra mba hiasa sy honina<br>Manara-maso ireo vahiny any Liban<br>Mikarakara ny taratasy rehetra mikasika ny fandroahana sy ny fanohitohinana ny filaminana.<br>Manara maso ny fahazoan-dalana monina ho an'ny vahiny.<br>Mandrindra sy manamora ny fiaingana sy ny fahatongavan'ny vahiny avy amin'ireo firenena samihafa. | Mampahafantatra ny Departemant misahana ny Filaminana ankapobeny ireo trangana herisetra, ara-batana na ara-tsaina, na mamoafady, manantona ny "Efitrano ny Filaminana" amin'ny laharana voalaza etsy ambany ao anatin'ny 48 ora nisehoan'ny herisetra.<br>01/612401<br>01/612402<br>01/612405 |
| Minisiteran'ny Atitany – Ny Polisy | Manara-maso ireo mpiasa mpifindra monina tsy ara-dalàna ary manamarina ireo antontan-taratasy toy ny pasipaoro, sy ireo fahazoan-dalana monina, miasa, sy ireo zavatra hafa takiana aminy, izay arindra miaraka amin'ny manam-pahefana mba hahamora ny fikarakarana ny fiverenany any amin'ny tany nihaviany. | Mampandre ny Polisy heloka/ fahadisoana vita. Antsoy ny l 112. |

| ANARANA | ANDRAIKITRA | FANAZAVANA MIKASIKA NY FIFANDRAISANA |
|---|---|---|
| **Masoivohom-pirenana** Ankoatr'ireo andrim-panjakana any rafi-pitondram-panjakana any Liban, ny masoivohon'ny firenenao dia afaka manampy anao ihany koa amin'izay fanampiana fandraharahana mety ilainao. Ny masoivohon'ny firenenao no misolo tena ny firenenao ao Liban. Andraikiny ny miaro ny tombontsoanao sy ny an'ny firenenao. | | |
| Kaonsiolan'i i Bangladesh | Konsily Jeneraly: Atoa Mohammad Dandan | 01/322005 Bechara El Khoury Ave., Eshmoun Building, 1st floor, Beirut, Liban Email: info@bangcons.com |
| Ambasadin'I Etiopia | Konsily Jeneraly: Atoa Asamenew Bonsa | 01/707333 - 01/388933 Badaro, Sami el Solh Highway, Manhaton Bldg, 2nd floor, Beirut, Lebanon Email: eth_con_leb8@hotmail.com |
| Kaonsiolan'i Madagascar | Kaonsiola : Atoa Marcel Abi Chedid | 09/444333. New Center Theresa Beach, Jounieh, Liban |
| Biraon'ny Konsily jeneralin'i Nepal | Konsily: Mr. Jo Issa el Koury | |
| Ny masoivohon'i Philippines | Ambasadaoro: Ms. Leah . Basinang Ruiz | |
| Ambasadin'i Sri Lank | Ambasadaoro : Atoa Ranjith Gunaratne | 05/956031 - 05/596032 929 Mar Roukoz Str., Hazmieh, Liban Email: slemblbn@cyberia.net.lb |
| Ny Masoivohon'i Indonesia | Ambasadaoro : Atoa Abdullah Syarwani | 05/924682 Presidential Palace Str., Baabda, Lebanon Email: kbri@kbri-beirut.org |
| Ny Masoivohon'i Vietnam | Tsy manana ambasady na kaonsiola any Liban | |

| Ny Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana sy ny Fikambanana hafa manampy ny mpiasa an-trano mifindra monina any Liban | | |
|---|---|---|
| **ANARANA** | **NY ASA ATAONY** | **ADIRESY IFANDRAISANA** |
| Caritas Lebanon (Toerana misahana ny mpifindra monina) | Manome fanampiana amin'ny lafiny lalàna sy sosialy, isan'izany ny fanomezana torohevitra sy ny fanomezana fiantohana ara-pahasalamana ho an'ny mpiasa mifindra monina sy ny mpitsoa-ponenana. Manao fanabeazana ho an'y zanaky ny mpifindra monina, ary manampy amin'ny fampodiana. Manome ihany koa torohevitra ho an'ny mpiasa vao tonga mba hifanampian'izy ireo. Manampy ireo vehivavy ianjadian'ny fivarotana olona, sy ireo mpiasa voatazona any am-ponja | 01/502550. Ao Sin El Fil, Beiru no misy ny toerana HOTLINE: +961 3/092538 Avy any ivelany 03/092538 Avy ao Liban |
| The Pastoral Care of Afro-Asian Migrants (Toerana misahana ny mpifindra monina) | Miara-miasa amin'ny pretra sy masera izay manampy ny mpiasa mifindra monina. Manome fitarihana ara-panahy sy mampiray hina azy ireo, ary manome fanampiana amin'ny lafiny lalàna | 01/337655. Mompera - Nabil Andari no Filoha; ary Mopera Martin McDermott no mpandrindra |
| Toerana ho an'ny mpifindra monina avy any Afrika sy Azia (AAMC) *(Toerana ho an'ny mpifindra monina avy any Afrika sy Azia)* | Manome toerana ho an'ny mpiasa an-trano amin'ny fotoana tsy iasany. Manome fitaizana ara-pivavahana amin'ny alalan'ny radio: 87.5 FM, 105.8 FM and 106.2 FM isaky ny alahady hatramin'ny 8ora-9:30pm, sy ny zoma tolakandro amin'ny 4:00pm. Ny programa dia ahitana ny fitoriana ny tenin'Andriamanitra, ary manome torohevitra ny mpihaino amin'ny tenimpireneny. Mamoaka gazety kely ihany koa, izay iaraha-miasa amin'ny mpiasa mifindra monina | |
| Beirut Bar Association (Fikambanan'ny Mpisolo vava Ivotoerana ho an'ny Zon'olombelona) | Manome fanampiana amin'ny lafiny lalàna, amin'ny alalan'ny komity misahana ny fanampiana amin'izany | 01 480551 / 01 423943. Qasr el Adel Beirut – Liban |
| Sendikan'ny orinasa misahana ny fandraisana mpiasa - Liban | Manome fanofanana ho an'ireo orinasa misahana ny fandriasana mpiasa mikasika ny fomba fitondran-tena sy ny fomba fanao tsara indrindra | 01/612808. Traboulsi Building, 4th floor, Beirut |

| ANARANA | NY ASA ATAONY | ADIRESY IFANDRAISANA |
|---|---|---|
| *KAFA* | KAFA (Ampy izayh) dia fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana izay miady amin'ny herisetra atao amin'ny vehivavy Miaro sy manampy ny mpiasa an-trano izay iharan'ny fanaparam-pahefana amin'ny firaisana ara-nofo sy ny herisetra. Manome fanampiana amin'ny lafiny lalàna, fanantonana mpitsabo, ary koa fanomezana toerana hialofana | Afaka manantona ny KAFA 24/7 03 018 019.Tel: 01 392220-1Address: 43, Beydoun Building, 1st Fl., Badaro St., Beirut, Lebanon- Ireo olona iharan'izany |
| *Migrant Workers Task Force (Fivondronana ho an'ny mpiasa mifindra monina )* | Mikendry ny fanatsarana ny fiainan'ny mpiasa mifindra monina amin'ny alalan'ny fanaovana hetsika ifotony. Isaky ny alahady, dia misy fampianarana teny anglisy, arabo sy frantsay izay atao mnaomboka amin'ny 12 ka hatramin'ny 2 ora ao amin'ny Zico House Sanayeh, Beirut | Website: http://mwtaskforce.wordpress.com/<br>Tel: 00961 70 066880<br>Email: farahsalka@gmail.com |
| *The Anti-Racism Mouvement (Hetsika iadiana amin'ny fanavakavaham-bolokoditra* | Hetsika izay mikendry ny fanaraha-maso sy ny fanaovana asa iadiana amin'ny endri-panavakavaham-bolokoditra rehetra any Liban, indrindra mikasika ny mpiasa mifindra monina. Raha toa ianao ka manan-kolazaina amin'ny zava-misy, na koa nahare mikasika ny mpiasa an-trano maty, dia manorata amin'i any amin'ny farah@nasawiya.org.<br>Raha toa ka te hanao hetsika ara kolontsaina ianao, dia afaka manampy amin'ny fikarakarana izany io fikambanana io | Website: http://antiracismmovement.blogspot.com/<br>Tel: 00 961- 71 421593 |

# Tovana 3: Kalendrien'ny tena manokana

| KALENDRIE MIKASIKA NY ANTONTAN-TARATASY MIKASIKA NY TENA - TAONA VOALOHANY | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | Fahazoan-dalana miditra any Liban | Fahazoan-dalana monina any Liban | Fahazoan-dalana miasa | Fanavaozana ny pasipaoro |
| Daty anombohana | | | | |
| Daty farany mampanan-kery ny antontan-taratasy | | | | |
| Daty fanavaozana | | | | |

| KALENDRIE MIKASIKA NY ANTONTAN-TARATASY MIKASIKA NY TENA - TAONA FAHAROA | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | Fahazoan-dalana miditra any Liban | Fahazoan-dalana monina any Liban | Fahazoan-dalana miasa | Fanavaozana ny pasipaoro |
| Daty anombohana | | | | |
| Daty farany mampanan-kery ny antontan-taratasy | | | | |
| Daty fanavaozana | | | | |



Vokovoko Mena: 140



Mpamonjy Trano May: 125



Polisy: 112

# Tovana 4:
# Ny tsara ho fantatra mikasika ny sendika, sy ireo fiofanana mialohan'ny fiaingana, ary ireo fikambanan'ny mpifindra-monina any amin'ny taninao.


Ny any Philippines:

POEA: (Philippine Overseas Employment Administration) Ny Sampandrahara miandraikitra ny asa any ivelany no biraom-panjakana misahana ny fampitomboana ireo tombontsoa entin'ny programa fampiasana olona any ivelany. Natao hiantoka ny asa mendrika sy mamokatra ho an'ny mpiasa tera-tany avy any Philippines miasa any ivelany io sampandraharaha io. Miara-miasa akaiky amin'ny rafi-pahefana misahana ny fampiroboroboana ny fahaiza-manao sy ny fanabeazana ara-teknika (Technical Education and Skills Development Authority: TESDA) izay manome fiofanana mialohan'ny fiaingana ho an'ireo mpiasa hiondrana any ivelany izy. Raha mila fanazavana fanampiny dia jereo ao amin'ny: http://www.poea.gov.ph/

TESDA: Ny sampandraharaha misahana ny fampiroboroboana ny fahaiza-manao sy ny fanabeazana ara-teknika no biraom-panjakana misahana sy manara-maso ny fampiroboroboana ny fahaiza-manao sy ny fanabeazana ara-teknika any Philippines. Izy no miandraikitra sy miantoka ny tomban'ezaka sy ny fiofanana vitan'ireo mpiasa an-trano ary manome ny taratasy fanamarinana ny amin'izany. Mampivelatra bebe kokoa ny fahaiza-manao sy ny fahalalana tandrify azy ireo io sampana io.
Adiresy: Departemantan'ny asa , Muralla St. cor. Gen. Luna St., Intramuros, 1002 Manila, Philippines Hotline: +632 887 7777, Trunklines: +632 817 4076 to 82

OWWA: (Overseas Workers Welfare Administration) Ny sampandraharaha misahana ny fanatsarana ny fiainan'ireo mpiasa miondrana any ivelany izay miara-miasa akaiky amin'ny Sampandraharaha misahana ny asa no tompon'andraiki-panjakana voalohany misahana ny fiarovana sy ny fampivelarana ny fiainana ara-sosialy sy ny fanatsarana ny fiainan'ny mpiasa avy any Phillipines miondrana any ivelany sy ny fianakaviany. Izy no manao hetsika fampahafantarana mikasika ny fanambakana arakara ny fampahalalana ireo fanararaotana atao amin'ny mpiasa mifindra monina sy ny vehivavy mialohan'ny fandraisana asa. Manoro hevitra sy manampy, amin'ny fametrahana fitoriana amin'ny sampandraharaha miandraikitra ny asa any Philippines ihany koa izy.
Adiresy: SMEF Centre for Overseas Workers, 1043 Aurora Blvd., Quezon City, 1108 Philippines, Tel: +632 2 913 6439, Fax: +632 2 913 6438, http://www.owwa.gov.ph

DOLE: Sampandraharahan' ny asa izay misahana ny fampiroboroboana ny fahazoana asa mahavelona, ny fampandrosoana ny mpiasa; ary miaro azy ireo sy manatsara ny fiainany.
Adiresy: hotline +632 527 8000; http://www.dole.gov.ph/

UNITED FILIPINO SEAFARERS: Fikambanan'ireo Tantsambo avy any Philippines. Ity fikambanana ity dia federasionin'ny mpiasa izay miorina any Philippine. Ny tanjon'ity fikambanan'ny mpiasa ity dia ny fampiroboroboana ny fifanampiana, ny fiarovana, ary ny fampivelarana ny hatsaram-piaina ara-moraly, sosialy, ary toe-karena eo amin'ny samy mpikambana izay mitondra ny laharana: 11863 navoakan'ny Sampan-draharaha ny asa sy ny fananan'asa ao Philippines (DOLE) tamin'ny 2 Oktobra, 2000
Adiresy: 4F Room 402 Gedisco Terrace 1148 Roxas Blvd., Ermita, Manila, or Tel. +632 524 2336 & 524 4888.

KAKAMMPI: dia fikambanana ifotony ivondronan'ireo fianakavian'ny mpiasa sy mpifindra monina avy any Philippines mody an-tanindrazana. Kakammpi dia miaro ny zo sy misahana ny fanatsarana ny fiainan'ireo mpiasa teratany avy any Phillipines any ivelany ary mamaha ny olana rehetra ateraky ny fifindra-monina; Kakammpi dia miaro ny tombontsoa, manangona ny antontan-taratasy ilaina amin'ny raharaha iray, ary manao ny fifandraisana amin'ireo rafi-piton-dram-panjakana misy. Mamaha ny olana sy manome ireo zavatra ilain'ny fianakaviana mifindra monina mba ho fampiharana ny fandaharan'asa mikasika ny fanamafisana ny rafi-pifanohanana eo amin'ny samy fianakaviana ary ho fanamafisana ny fahaiza-manaon'izy ireo.
Adiresy: P.O. Box SM 193 - 1008 Sta. Mesa Manila, Philippines
Tel. +632 435 4584; Telefax +632 921 5810 Email: kakammpi@skyinet.net

PHILIPPINE MIGRANTS RIGHTS WATCH: Mpanara-maso ny zon'ireo mpifindra monina filipi-anina, ary mpikambana ara-dalàna ao amin'ny tambazotran'ny fiarahamonimpirenena niorina tamin'ny 1995 ho fanohanana ny fanekena, ny fiarovana, ary ny fampiharana ny zon'ireo mpifin-dra monina Filipianina- na ao Philippines mandritra ny fotoam-pifindra-monina iray manontolo. Manabe, manohana, ary manara-maso akaiky ny hetsika rehetra mitondra any amin'ny fanek-ena, fiarovana, ary ny fampiharana ny zon'ireo mpifindra monina filipianina sy ny fianakaviany mialoha ny fiaingana, mandritry ny fifindra-monina, ary amin'ny fiverenany an-tanindrazana.
Adiresy: 72 Matahimik Street Teachers' Village Quezon City, Philippines;
Telephone/fax: +632 433 0684; 9205003 Email: cma@tri-isys.com;
Website: http://www.pmrw.org/

GABRIELA COMMISSION ON OVERSEAS FILIPINAS:
Adiresy: 35 Scout Delgado Street, Roxas District, Quezon City, Tel: +632 374 3452
Fax: +632 374 4423, contact person: Ms. ROSARIO PADILLA

SCALABRINI MIGRATION CENTER:
Adiresy: 4, 13th street new Manila, 1112 Quezon City P.O. Box 10541 Broadway Centrum
Tel: +632 724-3512 Fax: +632 721-4296 Email: smc@smc.org.ph

ASILO DE SAN VICENTE DE PAUL:
Adiresy: Paco, Manila Tel: +632 523 5264/522 1643 Fax: +632 522 8696
Email: asilomla@yahoo.com

DIOCESE OF SAN FERNANDO OF LA UNION:
Adiresy: Santiago, Bauan Tel: (072) 705-0553 Fax: 0918 920 3578
Email: ezrazre@yahoo.com

COLEGIO DEL SAGRADA CORAZON DE JESUS:
Adiresy: Gen.Hughes St., Illoilo City; Tel: (033) 336 9408; Fax: (033) 337 4654
Email: srbecca@yahoo.com



Any Sri Lanka:

| |
|---|
| THE SRI LANKAN BUREAU OF EMPLOYMENT: Ny Biraon'ny asa any Sri Lanka dia manome fiofanana sy fandaharan'asa mialoha ny fiaingana, na torolalana mikasika ny asa an-trano ho an'ireo mpiasa vehivavy mpifindra monina tsy mbola nanao izany ka hiondrana ho any amin'ireo firenena any Moyen Orient. 12 andro ny faharetan'ny fiofanana. Adiresy: 234, Denzil Kobbekaduwa Mawatha, Koswatta, Battaramulla SRI LANKA. Tel: +094 11 2864101 |
| MIGRANT SERVICE CENTRE: Ny Foibe Fandraharahana ny Fifindra-monina dia sendika voatokana hanampy ireo mpiasa mpifindra monina. Adiresy: 10, Council Lane, Dehiwala, Tel. +94 713 386. |
| SETIK- Caritas Kandy: Katugastota Road, Kandy. Tel: +94 77 351 3015 – Tel:+94 81 447 1613 Fax: +94 81 222 2775, Email: setik@sltnet.lk |
| GOOD SHEPHERD CONGREGATION: 133, Anandarajakaruna Mawatha Colombo 10. Tel: + 94 11 293 0255; Tel: +94 11 293 2575. |
| SEDEC - CARITAS SRILANKA: 133, Kynsey Road Colombo 08; Tel: +94 11 269 1885 Email: kathflem12@yahoo.com |
| SRILANKA CATHOLIC NATIONAL COMMISSION FOR MIGRANTS: 11, Borella Cross Road Colombo 8. Email: slcncmigrants@sltnet.lk |




Any Ethiopia:

| |
|---|
| GOOD SHEPHERD SISTER: Bole road Addis-Ababa Tel/fax: +251 1 5513062 |
| CARITAS ETHIOPIA: Addis Ababa, Ethiopia Phone: +251 1 55 03 00 Email: ECS@Telecom.net.et |



Any India:

| |
|---|
| CARITAS INDIA: CBCI centre New Delhi 110001, opp. Goledakkhana Email: director@caritasindia.org |

 Any Nepal:

| |
|---|
| CARITAS NEPAL: Dhobighat, Laliptur Kathmandu Tel: +977 1 5538172/977 +977 1 5543726 Email: caritas@mail.com.np |
| POURAKHI: Chandol, Kathmandu, P.O. Box: 7647, Kathmandu, Nepal Tel.: +977 1 4720573, +977 1 2081644, Fax.: +977 1 4720573 Email: pourakhi@mail.com.np |
| NEPALESE INSTITUTE FOR DEVELOPMENT STUDIES (NIDS): Chandol, Kathmandu, P.O. Box: 7647, Kathmandu Nepal. Tel.: +977 1 4421511, +977 1 4410756, Fax.: +977 1 4427306, Email: nids@mail.com.np |
| PEOPLE'S FORUM FOR HUMAN RIGHTS (PEOPLE'S FORUM): Kathmandu 33, Kalikasthan P.O. Box.: 25001 Kathmandu, Nepal; Tel: +977 1 4423973; Fax: +977 1 4109004, Email: spluitel@graduate.hku.hk |
| NEPALESE ASSOCIATION OF FOREIGN EMPLOYMENT AGENCIES: Lazimpat, Kathmandu, Tel. +977 1 4423030, +977 1 4426717, Fax: +977 1 4426720 |

## Ireo adiresy ilaiko:

| |
|---|
| |
| |
| |

# Tovana 5: Ny fahaizana mampiasa ireo fitaovana ao an-tokantrano, ireo masinina sy fitaovam-panadiovana isan-karazany.

Mila fara-fahakeliny telo volana eo ho eo aorian'ny anombohanao asa ny fizarana mampiasa ireo fitaovana ireo. Amin'ny maha mpiasa an-trano anao, dia tsara raha mianatra mampiasa ireo fitaovana ao an-tokantrano, ny milina isan-karazany, ary ireo fitaovam-panadiovana araky ny tokony ho izy ianao mba hisorohana ny loza. Samy manana ny fahazarany sy ny zavatra tiany ny mpampiasa tsirairay. Noho izany, tsara raha atorony anao ny fomba fampiasa ireo fitaovana ao an-tokantrano, masinina, sy ny fitaovana fanadiovana isan-karazany.

**Ireto avy ireo zavatra tokony hanontanianao ny mpampiasa anao:**



### Mikasika ny trano:

- Ny fomba fampiasana prizy mba tsy hahitan-doza
- Ny fomba fanidiana varavarankely, lavarangana, ireo hidi-trano ivelany
- Ny fomba fanidiana ny varavarambe.
- Ny fomba famonoana ny gazy, ny herin'aratra, ny rano
- Ny fomba famanana rano
- Ny fomba fanasana lambambaravarana, gorodona, karipetra, varavarankely
- Ny akora ilaina amin'ny tsirairay avy amin'izy ireo.
- Ny fomba fanalana ny vovoka amin'ny fanaka
- Ny fomba fampiasana ny fitaovana famafana trano mandeha amin'ny herin'aratra



### Ao an-dakozia:

- Ny fomba fitehirizan-tsakafo
- Aiza no hanariana ny fako
- Ny fomba fanadiovana ny vata fampangatsiahana
- Ny fomba fampiasana lafaoro, micro-onde, ary ireo fitaovana: fanodinana ranom-boankazo, fampangotrahan-drano, fitotoana sakafo, fitonoana mofo, ary fanaovana kafe, sns...



### Ao amin'ny efitra fandriana:

- Ny fomba fanamboarana fandriana
- Isaky ny inona no soloina ny rakotra.



### Akanjo:

- Ny fomba fanasana azy ireo: hatao tanana sa amin'ny milina
- Ny fomba fampiasana ny milina fanasan-damba (programa, hafanana, ny habetsahan'ny vovon-tsavony sy ny fanalefahana)
- Avahana araky ny loko ny akanjo
- Aiza ary ahoana no fomba fanahazana azy ireo
- Ny fomba fampiasana fera mandeha amin'ny herin'aratra
- Ny fomba famalonana ny akanjo voapasoka sy ny toerana hametrahana azy

# Tovana 6: Ny fahaizana miasa

## MAHAY MANDAMINA TSARA NY FOTOANANAO




***Torohevitra:*** Mahaiza mandamina tsara ny fotoana; fantaro ny zavatra tokony hatao voalohany, inona no mandany fotoana sy hery. Raha somary very ianao ny amin'ny filaharan'ireo asa tokony hatao voalohany, dia tsara raha anontanianao ilay mpampiasa anao. Misentoa kely aloha, mialà sasatra…

## MITANTANA NY TSY FIFANKAHAZOAN-DRESAKA





***Toro-hevitra:*** Raha sendra mahazo baiko mifanohitra ianao dia anontanio ilay mpampiasa anao, inona marina ny zavatra tadiaviny. Aza mikiakiaka, ary aza tezitra. Miezaha manazava hevitra amin'ny fo tony.

# MIATRIKA TOE-DRAHARAHA SAROTRA




***Toro-hevitra:*** Ny fomba tsara indrindra hiatrehana toe-javatra sarotra dia ny mampahatsiahy ny mpampiasa anao ireo andraikiny ao anaty fifanarahana, toy ny fandoavana ny karama feno sady ara-potoana isam-bolana. Raha tsapanao fa tsy afaka ny handoa na mandà tsy handoa ny karamanao ilay mpampiasa, dia milà vonjy.

## NY TOKONY HATAO MANOLOANA NY TOE-JAVATRA MAMPIDI-DOZA



***Torohevitra:*** Aza mamela an'iza n'iza handrebireby anao. Aza mifandray amin'ny lehilahy izay mbola tsy fantatrao. Raha tojo ny toe-javatra hita eo amin'ny sary ianao dia halaviro ny mpanafika anao, mivoaha ny fiarakaretsaka, miantsoantsoa ary milà vonjy.

# Tovana 7: Fifanarahana araka asa ho an'ireo Lehilahy/Vehivavy Mpiasa an-trano mifindra monina

**Repoblikan'i Liban**
**Minisiteran'ny Asa**

**FIFANARAHANA ARAKA ASA HO AN'IREO MPIASA AN-TRANO MIFINDRA-MONINA:**

Voasonian'ny:

Ny andaniny: (Mpampiasa) Anarana Feno: ……………. …… Teratany: ……………...…
Teraka ny: …………………..................... Monina ao: ………................................................…………..
Sata ara-pianakaviana : ……..........… Toerana nisoratana: ……................................................……
Karapanondro: ……...........................................................................................................…
Adiresy: ………............................…. Telefaonina: ……………................................................……..

Sy

Ny ankilany: (Mpiasa): Anarana feno: ……………. Teratany: …………....……
Pasipaoro laharana.: ……….........…… Natao ny: ……..................... Lany andro ny: ………......
Teraka ny: ……..............................……….. Sata ara-pianakaviana : …...........................................….
Monina ao amin'ny adiresy: …………………………......................................................……………

Ny mpampiasa dia maniry ny hampiasa olona mahay, manana traikefa, ary fahaiza-manao mba hiasa an-trano ao aminy,

Ny mpiasa kosa dia mahafeno ireo fepetra voalaza etsy ambony .

Ny roa tonta dia miara manaiky izao voalaza manaraka izao :

1. Fampidirana ao anatin'ity fifanarahana ity dia voarakitra feno ao anatin'izany fifanarahana izany.
2. Ny Mpampiasa dia manaiky fa ny Mpiasa dia ho mpiasa an-tranony. Ny Mpiasa kosa dia manaiky ireo fahaiza-manao voalaza etsy ambony araky ny soratra sy ny fepetra voarakitr'ity Fifanarahana ity.
3. Ny Mpampiasa dia manaiky fa tsy hampiasa ny Mpiasa amina asa hafa na toerana hafa ankoatry ny ao an-tokantranony.
4. Ny faharetan'izao fifanarahana izao dia voafaritra ho iray taona izay havaozina isan-taona.
5. Manomboka manan-kery izao fifanarahana izao amin'ny fotoana aneken'ny roa tonta azy eo anoloan'ny mpitantsoratra eken'ny lalàna, ary ao anatin'izany ny telo volana fe-potoana fanandramana.

6. Ny Mpampiasa dia manome toky fa handoa ny karama fenon'ny Mpiasa isaky ny faran'ny volana hiasana, izay mitentina.......................araka ny fifanarahana, ary tsy misy hatak'andro. Aloa tolo-botsotra amin'ny Mpiasa ny karama ary arahina rosia izay voasonian'ny roa tonta izany, na arotsaka any amin'ny banky amin'ny kaontin'ny Mpiasa izay arahina rosia voasonian'ny roa tonta ihany koa.
7. Ny Mpiasa dia manaiky hanao ny asany ara-dalàna sy amin-kitsi-po ka hanaraka an-tsakany sy andavany ny toromariky ny Mpampiasa, amin'ny fanajana tanteraka ny lalànan'ny asa, ny fomba amam-panao, ny hasin'ny asa, ary ny tsiambaratelon'ny tokantrano.
8. Ny Mpampiasa dia manaiky hanatanteraka ny fepetra takian'ny asa mendrika, ary hiantoka ny filan'ny Mpiasa toy ny sakafo, fitafiana, ary ny trano fonenany.Ny Mpampiasa dia tokony hanaja ny zo ananan'ny Mpiasa amin'ny maha olona azy sy ny fiainany manokana
9. Ny Mpampiasa dia manaiky ny hiantoka ny fitsaboana ny mpiasa sy ny hahazoany fifanekem-piantohana avy amin'ny orinasam-piantohana ara-dalàna any Liban, izay manaraka ireo fepetra takian'ny Minisiteran'ny Asa.
10. Ny Mpampiasa dia manaiky ny hiantoka izay hahazoan'ny Mpiasa ny fahazoan-dàlana hiasa sy honina ara-dàlana, sy ny lany rehetra amin'izany. Manaiky koa izy ny hanavaozana izany rehetra izany, raha mbola miasa ao aminy ihany koa ilay Mpiasa.
11. Ny Mpampiasa no mamaritra ny faharetan'ny ora hiasan'ny Mpiasa izay manodidina ny adiny folo (10) fara-faha-betsany ka tsy voatery ho tsy an-kiato, sy ny adiny 8 hialany sasatra amin'ny alina.
12. Ny Mpampiasa dia manaiky ny hanome ny Mpiasa fotoam-pialan-tsasatra isan-kerinandro izay tsy latsaky ny adiny 24 tsy an-kiato, ary ny fanatanterahana izany dia miankina amin'ny fifanarahan'ny roa tonta. Ny Mpiasa dia manana ny zo hiato amin'ny asa mandritry ny 6 andro isan-taona ka ny roa tonta no mifanaraka ny amin'ny fotoana, sy ny fepetra hampiharina amin'izany.
13. Ny Mpampiasa no miantoka ny saran-dàlan'ny Mpiasa miverina an-tanindrazana, hafa tsy ny amin'ireo tranga voalaza ao amin'ny andininy faha-16 an'ity fifanarahana ity .
14. Ny Mpampiasa dia manome alàlana ny Mpiasa handray antso an-tariby na taratasy ho azy, ary mamela ny Mpiasa ihany koa mba hiantso an-tariby ny fianakaviany isam-bolana, ary ny saran'izany dia an'ny Mpampiasa tanteraka. Raha misy antso hafa ankoatr'izany, dia ny Mpiasa no mandoa ny lany rehetra.
15. Raha toa ka marary ny Mpiasa, ka tsy azony avy amin'ny fanatanterahany ny asany izany aretina izany, na koa ratra azo avy amin'ny asa, dia manan-jo tsy hiasa mandritry ny tapa-bolana izy, ary handraisany karama izany, ary ny tapa-bolana manaraka kosa dia handraisany ny antsasa-karamany. Izany rehetra izany dia voamarin'ny tatitry ny fizahana ara-pahasalamana avy amin'ny dokotera.
16. Ny Mpampiasa dia manan-jo hanapaka izao fifanarahana izao amin'ireto tranga manaraka ireto:
    - A. Raha manao hadisoana fanahiniana ny mpiasa, manao antsirambina, mila ady, na mandrahona, na koa manimba na manohintohina ireo tombontsoan'ny Mpampiasa na ny olona ao amin'ny ankohonany.
    - B. Raha toa ka manao heloka voararan'ny lalàna manan-kery ny mpiasa.
    - C. Amin'ireo tranga ireo dia voatery miala any Liban ny Mpiasa, ka izy no miantoka manontolo ny saran-dàlana miverina an-tanindrazana.
17. Manana zo ny hanapaka ity fifanarahana ity ny Mpiasa, izay handraisan'ny Mpampiasa andraikitra feno, amin'ireto tranga voalaza manaraka ireto:
    - A. Raha toa ka tsy mahaloa ny karaman'ny Mpiasa mandritry ny telo volana mifanesy ny Mpampiasa.

B. Raha toa ka mamono, na mila ady, na manery amin'ny filàna ara-nofo ny Mpampiasa na ny fianakaviany, na ny olona mipetraka ao aminy, ary voamarin'ny tatitry ny dokotera,sy ny mpahay lalàna voatokana amin'izany sy ireo fanadihadiana nataon'ny Mpitandro ny filaminana (Polisy) na ny Minisiteran'ny Asa izany.

C. Raha toa ny Mpampiasa ka mampiasa ny Mpiasa tsy araky ny asa nifanarahana, nefa tsy nisy fifampierana.

Amin'ireo tranga ireo, dia voatery ny Mpampiasa mampody an-tanindrazana ny Mpiasa sady miantoka feno ny saran'izany fampodiana azy izy.

18. Raha toa ka misy fifanolanana eo amin'ny roa tonta mikasika ity fifanarahana ity, dia afaka mampanao raharaham-pihavanana ny Minisiteran'ny Asa.

19. Raha tsy mahomby ny raharaham-pihavanana, dia afaka mampiakatra ny raharaha amin'ny Fitsarana Mahefa ao Liban ny ankolafy mahatsiaro tena ho very zo.

20. Izao fifanekena izao dia natao teo anoloan'ny Mpintatsoratra eken'ny lalàna, ary voasoratra amin'ny teny Arabo, Anglisy, ary Frantsay amin'ny dika efatra mitovy ka voasonian'ny roa tonta. Ny roa tonta dia samy hanana kopia avy koa.

| **Ny Mpampiasa** | **Ny Mpiasa** |
| --- | --- |

| **Ny tompon'andraiki-panjakana** |
| --- |
| |

## ROSIA AMIN'NY FANDRAISANA KARAMA

| Totaliny | Vola andoavana ny karama ($ na L.L) | Daty |
|---|---|---|
| | | |

# Ahoana ny fomba hahazoana ity torolalana ity ?

Natao amin'ny tenim-pirenena 12 ity torolalana ity : Amharic, Arabo, Bangla, Anglisy, Frantsay, Bahasa, Malagasy, Nepali, Sinhala, Tagalog, Tamil sy Vietnam. Nanovana fanadramana tamin'ny mpiasa an-trano any Liban izay avy amin'ny firenena maro izy ity .

Azo alaina amin'ireto biraon'ny Fikambanana iraisampirenena voalaza manaraka ireto ity torolalana ity

### Biraom-paritry ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa ho an'ny firenena arabo


| Biraon'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa | Adiresy | Telefaonina | Tenim-pirenena amoahana ny torolalana | Olona ifandraisana /Ny asany | Imailaka |
|---|---|---|---|---|---|
| **Biraom-paritry ny Fikambana iraisampirenena misahana ny asa ho an'ny firenena arabo** | Aresco Center<br>Justinien Street<br>P.O.Box 11-4088<br>Riad El Solh 1107-2150<br>Beirut<br>Lebanon | +961 1 752400 | Teny anglisy, arabo sy frantsay | Reham Rached<br>tompon'andraikitry amin'ny serasera.<br><br>Tania Massad<br>tompon'andraikitra amin'ny Terik'asa | rached@ilo.org<br><br>massad@ilo.org |

### Biraom-paritry ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa ho an'ny Azia sy Pasifika

| Biraon'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa | Adiresy | Telefaonina | Tenim-pirenena amoahana ny torolalana | Olona ifandraisana /Ny asany | Imailaka |
|---|---|---|---|---|---|
| **Biraon'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa any Nepal (CO - Kathmandu)** | UN House,<br>Pulchowk<br>GPO Box 107<br>Kathmandu, Nepal | +977 1 5555777 - Extension 113 | Nepali | Saloman Rajbanshi<br>(Mpitantana Programa) | saloman@ilo.org |
| **Biraon'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa any Sri-Lanka )** | Bauddhaloka Mawatha,<br>Colombo 7. | +94 0 11 2592525 - Extension:293 | Sinhala<br>Tamil | Pramo Weerasekera<br>(Mpitantana Programa /Tompon'andriakitra amin'ny fifindra-monina) | |
| **Biraon'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa any Bengladesh** | House No.12,<br>Road No.12<br>Dhanmondi<br>Residential Area<br>Dhaka 1209<br>Bangladesh | +880 2 911 2836<br>+ 880 2 8114705 | Bangla | Shahabuddin Khan<br>(Tompon'andraikitra amin'ny programa) | |
| **Biraon'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa any Philippines** | ILO/UN<br>19th Floor,<br>Yuchengco Tower<br>RCBC Plaza, 6819<br>Ayala Avenue<br>Makati City,<br>Philippines | +632 580 9900 | Tagalog | Hilda Tidalgo<br>(Mpanampy amin'ny fanatanterahana ny programa) | |
| **Biraon'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa any Vietnam** | 45-50 Nguyen Thai<br>Hoc Street<br>Hanoi, Viet Nam | +84 4 37478816 Extension: 111 | Tenim-pirenena any Vietnam | Nguyen Thi Mai Thuy<br>(Mpandrindra ny Programa Nasionaly) | |
| **Biraon'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa any Indonezia** | Menara Thamrin,<br>22nd Floor<br>Jalan MH Thamrin<br>Kav. 3<br>Jakarta 10250,<br>Indonesia | +62 21 391 3112 extension: 116 | Bahasa | Dyah Retno Sudarto<br>(Mpitantana ny Programa) | |

**Biraom-paritry ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa ho an'ny faritra Afrika**

| Biraon'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa | Adiresy | Telefaonina | Tenim-pirenena amoahana ny torolalana | Olona ifandraisana /Ny asany | Imailaka |
|---|---|---|---|---|---|
| **Biraon'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa any Madagasikara (Antananarivo )** | Maison commune des Nations Unies Zone Galaxy Andraharo, Antananarivo 101 Antananarivo Madagascar | +261 23 300 92/93/94 - Extension: 3015 | Malagasy | Christian Ntsay (Talen'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa ho an'ny Madagascar, Comoros, Djibouti, Mauritius sy Seychelles) | ntsay@ilo.org |
| **Biraon'ny Fikambanana Iraisampirenena misahana ny asa any Afrika (Etiopia )** | ILO Regional Office for Africa (CO – Ethiopia) Africa Hall, 6th Floor, Menelik II Avenue Addis Ababa, Ethiopia P.O.Box 2788, 2532 | +251 115 514313 - Extension: 34416 | Amharic | Kidist Chala (Tompon'andraikitra amin'ny Fitantanana Programa) | kidist@ilo.org |



Fahazoana ny torolalana amin'ny alalan'ny tranokala

Amin'ity adiresy ity: www.mdwguide.com no ahazoanaao ny torolalana. Hohavaozina tsy tapaka mba hifanaraka amin'ny lalàna any Liban, araka izay ilàn'ny mpiasa an-trano mifindra monina any Liban ny torolalana avoaka amin'ny tranokala. Toa izany koa ny mikasika ny fanampiana azon'ny Fanjakana sy ny fikamabanana tsy miankina amin'ny Fanjakana omena.